

**LALANA LAHARANA FAHA - 2004-044**  
**MOMBA NY LALANA MIFEHY**  
**NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA**  
**AMIN'NY TAONA 2005**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

-----

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

-----

**LALANA LAHARANA FAHA – 2004-044**

**MOMBA NY LALANA MIFEHY**

**NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA**

**AMIN'NY TAONA 2005**

-----

Nolanian' ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha - 18 novambra 2004 sy ny faha - 08 desambra 2004, izao Lalàna manaraka izao

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny fanapahana laharana faha - 01 – HCC/D3 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tamin'ny 05 janoary 2005;

**No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy:**

**I FEPETRA MIKASIKA NY KETRA**

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2005, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

**ANDININY VOALOHANY**

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra :

**BOKY I**  
**HETRAM-PANJAKANA**  
**FIZARANA I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**  
**LOHATENY I**  
**HETRA ALAINA AMIM'NY FIKAMBANANA**  
**ZANADOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY TOMBO-BAROTRY NY FIKAMBANANA**  
**TOKO III**  
**TOMBOM-BAROTRA VOAN'NY HETRA**  
**FAMARITANA NY TOMBOM-BAROTRA VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.06.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny fehezan-teny voalohany amin'ny paragrafy 1 amin'io andininy io :

« 1° Ireo entana novidiana ka nampiasaina, ireo raharaha ivelany, ary koa ireo raharaha hafa ivelany, ireo fandaniana momba ny mpiasa ary ireo fandaniana momba ny asa andavanandro hafa. »

b) Foanana ny andian-teny ao amin'ny paragrafy 2 amin'io andininy io :

2° « ao koa ireo nahemotra nandritra ny taom-piasana teo aloha nahafaty antoka »

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy 5° amin'io andininy io :

« 5°- Ireo vatsy ahafahana miatrika ireo fandaniana na fahaverezan-danja voafaritra mazava ka mety hitranga raha toa ka efa voasoratra ao amin'ny taom-piasana sy hita ao amin'ny fanoratana ireo vola enti-miomana izay voafaritra ao amin'ny andininy 01. 01. 19 eo ambany.

Kanefa, ny ireo fahaverezan-danja ny tahirin'etana sy ny andalam-panantanterahana ary ny fampandraisan'anjara sy ny fampitrosana avy amin'ny fampandraisan'anjara dia tsy tafiditra amin'ny fanesorana.

Ireo vatsy sy ireo fahaverezan-danja ampahany na manontolo ka nampiasaina amin'ny zavatra hafa tsy araka ny tokony ho izy na tsy ilaina nandritra ny taom-piasana ao aoriana, dia ampi-dirina ao amin'ny valin'io taom-piasana io. Raha toa ka tsy nataon'ny orinasa ny tatitra momba izany , ny fandraharahana ara-ketra dia afaka manao fanitsiana raha hita ifotony fa tsy nilaina na nampiasaina amin'ny zavatra hafa tsy araka ny tokony ho izy ireo vola enti-miomana. Amin'izay fotoana izay, ireo vatsy sy ireo fahaverezan-danja, raha misy izany, dia tafiditra ao amin'ny vola miditra ao amin'ny taom-piasana ela indrindra izay ananan'ny fandraharahana ara-ketra zo iveranana.

Ny momba ny fahaverezan-danja ny kaontin'ny mpanjifa efa tamana dia manaraka ny fepetra ankapobeny takian'ny fahaverezan-danja. Ny fampitrosana dia tsy maintsy voamarika tsirairay sy efa nanaovàna fifanarahana na fombafombam-pitsarana ho amin'ny fitoriana.

Na dia eo aza ny voalazan'io andalana faharoa amin'io paragrafy io dia ireo fahaverezan-danja ny tahirin'ny akora momba ny fambolena dia tafiditra amin'ny fanesorana izay voafetra hatramin'ny 5 isan-jaton'ny totalimbidin'ny tahirin'ny akora amin'ny faran'ny taom-piasana. Ireo dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny filazana izay maneho ny toetra, ny isany ary ny totalimbidin'ny vokatra voakasika. »

**TOKO V**  
**FOMBA FAMERANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.13.-**

Ovàna ny vondron-teny « telopolo andro » ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity ho « dimy ambinifolo andro ».

**Andininy 01.01.14.-**

Foanana ireo fepetra voalazan'io andininy io.

**TOKO VI**  
**FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.16.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ho an'ny fikajiana ny hetra, ny tombony hakana hetra dia boriboriana ho amin'ny an-jatony ariary ambany .

- Ny ampahan'ny hetra faka dia raketina ho 30 isan-jato ho an'ny sarambaben'ny orin'asa.
- Ny ampahan'ny hetra aloa dia tovànana 50 isan-jatony ho an'ireo orin'asa izay tsy manana ny toerana foibeny eto Madagasikara. Na izany aza, dia misy ampahany faka 30 isan-jatony ampiarina amin'ny vola miditra amin'ny orin'asa avy any ivelany izay miasa eto Madagasikara ho amin'ny fanatanterahana asa amin'ny fanjakana na fifanekena amina orin'asa eto an-toerana.»

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faha enina amin'io andininy io :

« Ny hetra fandoa farafahakeliny io dia ferana toy izao :

- Ar 100 000, tovànana 5 isan'arivon'ny vola maty amin'ny taom-piasana ho an'ny orinasa manao ara - pambolena , ara-taozavatra , ara-indostrialy, momba ny harena ankibon'ny tany, fampiatranom-bahiny, ara-pizahantany na ara-pitaterana ;

Ar 320 000, tovànana 5 isan'arivon'ny vola maty amin'ny taom-piasana ho an'ny orinasa hafa. »

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana farany amin'io andininy io :

«Na dia eo aza ireo fepetra mikasika ny sorabola farafahakeliny voalaza etsy ambony, ireo sosaiety vaovao manao ny asa ara-indostrialy, ara-taozavatra, ara-pambolena, momba ny harena ankibon'ny tany, ny ara-pitaterana, ara- pizahan-tany, fampiantranom-bahiny dia afahana amin'ny hetra amin'ny tombombarotry ny fikambanana sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ny tao-piasana roa voalohany ary 50 isan-jaton'ny hetra amin'ny tombombarotry ny fikambanana sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ny tao-piasana fahatelo manomboka amin'ny vanom-potoana fanorenana raikitra.

## **TOKO VII NY ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

### **Andininy 01.01.17.-**

a)Amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io dia soloina ny vondron-teny «oktobra», ho «novambra».

b)Amin'ny andalana fahatelo amin'io andininy io dia soloina ny vondron-teny «roa» ho «efatra».

c)Amin'ny faran'io andininy io, foronina ny andalana fahefatra toy izao manaraka izao :

«Ny Sosaiety vahiny maniry hahazo ny tombotsoa amin'ny fampiarana ny ampahany faka ho hetra 30 isan-jato dia tsy maintsy mametraka filazana isan-taona mampiseho ny vola miditra azo ary amin'ny fanatanterahana ny tsenan-draharaha mpanjakana na avy amin'ny fanekena tamin'ny orinasa eto an-toerana».

### **Andininy 01.01.19.-**

a) Amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny :

« tsy maintsy omena miaraka amin'ny filazana izay hita ao amin'ny andininy 01.01.17 eo aloha ny dika mitovy amin'ny famisavisana ny toe-draharaha, ny famintinana ny kaontin'ny valiny amin'ny endrika kaonty, ny tabilao manome ireo tarehimarika ijerana ny fitantanana, ny tabilaom-pamatsiana ara-bola, »...

ho

« tsy maintsy omena miaraka amin'ny filazana izay hita ao amin'ny andininy 01. 01. 17 eo aloha ny dika mitovy amin'ny famisavisana ny toe-draharaha , ny famintinana ny kaontin'ny valiny isaky ny asa, ny kaontin'ny valiny isaky ny toetra, tabilao manome ny fiovaovan'ny toe-bola, ny filazana ny fiovan'ny renivola manokana»....

b) Foanana ny voalazan'ny andalana 2 amin'io andininy io.

### **Andininy 01.01.20.-**

Amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny : “Ny fitanan-kaonty ara-dalàna hita amin'ny andininy teo aloha dia izay voatana araka ny drafy-pitanan-kaonty vaovao araka ny didim-panjakana n° 87.332 tamin'ny 17 septambra 1987” ho : “Ny fitanan-kaonty ara-dalàna hita amin'ny andininy teo aloha dia izay voatana araka ny drafy-pitanan-kaonty 2005 araka ny didim-panjakana n° 2004-272 tamin'ny 18 febroary 2004”.

Foanana ny voalazan'ny andalana faha 5<sup>e</sup> sy faha 6<sup>e</sup> amin'io andininy io.

TOKO VIII

Ovàna toy izao ny loha-teny amin'io toko io :

«SAZY MANOKANA»

**Andininy 01.01.21.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

«Amin'ny filazana fatiantoka, ampiarina ny lamandy 25 isanjaton'ny hetra voakajy ara-keviny izay mifototra amin'ny fanitsiana nataon'ny sampandraharaha miandraikitra ny hetra.»

Ny tsy fisian'ny fitanana kaonty ara-dalàna araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha 01.01.20 voalaza etsy ambony dia sazina amin'ny 1 isan-jaton'ny vola maty tamin'ny tao-piasana ankoatra ny sazy hafa voalazan'ity fehezan-dalana ity..»

**ZANADOHATENY II**

**SARANY SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY “hydrocarbures”  
( IDH )**

**Andininy 01.01.29.**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**TOKO II**

**HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY « HYDROCARBURES »**

**Andininy 01.01.38.-**

....

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana fahatelo :

« Ny tombombatrotra hamerana ny hetra dia boriborina amin'ny anjatony ariary ambany. »

**Andininy 01.01.40.-**

a)Amin'ny andalana fahatelo amin'io andininy io dia soloina ny teny «oktobra», ho «novambra».

b)Amin'ny andalana fahefatra amin'io andininy io dia soloina ny teny «roa», ho «efatra».

*Foanana « ZANADOHATENY III »*

*Foanana « FAMPYAKARAN-TSANDA NY FAMIHAVISANA NY TOE-DRAHARAHANA »*

**Andininy 01.01.43.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.44.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.45.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.46.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.47.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.48.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.49.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.50.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.51.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.52.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.53.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.54.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.55.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**Andininy 01.01.56.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

**LOHATENY II  
HETRA AMIN'NY VOLA TSY MANANA ENDRIKA KARAMA  
MIDITRA AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA  
( I. R. N. S. )  
TOKO IV  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**Andininy 01.02.12.-**

*Foanana ny voalazan'ny andalana faharoa amin'io andininy io.*

**Andininy 01.02.13.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faharoa, fahatelo ary fahefatra amin'io andininy io:

...

« - 30 isan-jaton'ny ampahan'ny vola miditra avy amin'ny fananan-tany na trano Ar 4 000 000 na latsaka ;

- 20 isan-jaton'ny ampahan'ny vola miditra avy amin'ny fananan-tany na trano izay mihoatra Ar 4 000 000 ka hatramin'ny Ar 6 000 000 ;

- 10 isan-jaton'ny ampahan'ny vola miditra avy amin'ny fananan-tany na trano izay mihoatra ny Ar 6 000 000. »

**TOKO V  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
SOKAJY I  
FAMERANA ARAKA NY TENA ZAVA-BITA**

**Andininy 01.02.15.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra izay iharan'ny faka ampahany amin'ny hetra araka ny fomba arahina voalaza etsy ambony dia tsy maintsy manana fitanan-kaonty ara-dalàna mifanaraka amin'ny drafi-pitanan-kaonty 2005 araka ny *didim-panjakana n° 2004-272* tamin'ny 18 febroary 2004 toy ireo boky ara-dalàna voalazan'ny andininy 8 sy ny manaraka ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny varotra. Ireo boky ireo izay nasiana nomerao dia voaisa sy voamariky ny manampahefana voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny varotra alohan'ny nampiasana azy, na ny inspecteur na ny contrôleur n'ny hetra mahefa eo an-toerana. Ireo raharaha voasoratra ao dia amin'ny fiteny frantsay na malagasy, isan'andro isan'andro, tsy misy banga na mitakosona. »

**Andininy 01.02.16.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra dia tsy maintsy mitondra miaraka amin'ny filazana ireo vola miditra aminy itakiana ny hetra, ny dika mitovy amin'ny toe-pananana sy trosa , ny famintinana ny kaontin'ny valiny isaky ny asa, ny kaontin'ny valiny isaky ny toetra, ny filazana antsipirihan'ireo fandanianana enti-mampihodina, ny filazana ny fanavotam-bidy, vatsy ary ireo fahaverezan-danja azo tamin'ny valiny, miaraka amin'ny filazana mazava ny anton'ireo fanavotam-bidy, vatsy ary fahaverezan-danja sy ny filazana ireo anarana sy adiresin'ireo mpandray tombontsoa avy amin'ny zana-bola na trosa sisa tsy voalao voalaza amin'ny antsipihan'ny fandanianana ary ny vola voarain'ny tsirairay avy.»

**Andininy 01.02.17.-**

a)Ao amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io dia soloina ny teny «oktobra», ho «novambra».

b)Amin'ny andalana fahatelo amin'io andininy io dia soloina ny teny «roa» ho «efatra».

## SOKAJY II

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny Sokajy II :

### « FITSIPIKA HOAN'NY FANDRARAHARANA BITIKA SY MADINIKA »

#### **Andininy 01.02.20.-**

a) *Ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny « orin'asa madinika sy salasalany » ho « fandraharahana bitika sy madinika » sy « kaonty notsorina » ho « rafitra tsotsotra ny vola kirakira na fitanan-kaonty ny vola miasa ».*

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny tsipika fahatelo amin'io andalana voalohany amin'io andininy io :

« - filazana ireo vatsy sy fahaverezan-danja . »

#### **Andininy 01.02.22.-**

a) *Ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny « orin'asa madinika sy salasalany » ho « fandraharahana bitika sy madinika »*

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana fahefatra amin'io andininy :

.....

« - Ny vola maty isan-taona afa-kaba dia ambony ny Ar 6.000.000 nefa tsy mihoatra ny Ar 50.000.000. »

.....

## SOKAJY III

Foanana ny sokajy III

## SOKAJY IV

### FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA

#### **Andininy 01.02.31.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io.*

#### **Andininy 01.02.32.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten'io andininy io :

«*Amin'ny fampiharana ny voalazan'ny andininy 20.03.02 amin'i'ity lohateny ity, ahitsy avy hatrany tsy misy fiherana ny filazana, ary izany fanitsiana izany dia tsy voatery ho ampahalalaina ny mpandoa hetra raha toa ka tsy mitondra miaraka amin'ny filazana, iray na maro amin'ny taratasy voatondro, izay voalaza ao amin'ny andininy 01. 02. 16 na ny andininy 01. 02. 20 etsy ambony.*»

#### **Andininy 01. 02. 33.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten'io andininy io :

«*Amin'ny fampiharana ny voalazan'ny andininy 20.03.02 sy 20.03.06 amin'i'ity lohateny ity , ny mpandoa hetra izay tratry ny fanombanana tsy misy fierana, fameran-ketra tsy misy fierana na fanitsiana avy hatrany tsy misy fierana dia tsy ahazo avy amin'ny alalan'ny fifanolanana momba ny hetra, fanafoanana na fampihanan-ketra natao raha tsy mitondra porofon'ny fidanganan'ny fototra namerana ny hetra. »*

## SOKAJY V

### FAMERANA NY HETRA ARAKA NY FOMBA FIAINA

#### **Andininy 01.02.34.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana fahefatra amin'io andininy io :

## TOKO VII

### FAMARITANA NY HETRA

**Andininy 01.02.36.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Amin'ny fikajiana ny hetra, ireo vola miditra voafaritra mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ireo andininy 01.02.09 ka hatramin'ny 01.02.13 dia boriborina ho amin'ny isan'jatony ariary ambany.

Ny hetra dia kajiana arakarak'ireo taha mifandraika amin'ireo sokajina-fidiram-bola eo amin'ireo fepetra voalaza eo ambany. Ny fitambaran'izany no manome ny hetra arotsaka :

- Hatramin'ny Ar 200 000 : Ar 2 000

Ampaham-bola miditra voan'ny hetra :

- Ar 200000,20 ka hatramin'ny Ar 500 000 : ..... 5 isan-jato

- Ar 500 000,20 ka hatramin'ny Ar 4 000 000 : 15 isan-jato

- Mihoatra ny Ar 4 000 000 : ..... 30 isan-jato

Na manao ahoana na manao ahoana, ferana mba tsy ho latsaky ny 5 isan'arivon'ny vola maty nandritry ny taom-piasana ,ary tsy latsaky ny Ar 5 000 ho an'ny mpandoa hetra tsy iharan'ny haba amin'ny asa aman-draharaha.

Ho an'ny famelana maningana fepetra, io hetra fandoa farafahakeliny io dia atao amin'ny sanda 1 isan'arivon'ny vola maty mandritry ny taona ho an'ny mpivarotra solika antsinjarany mpandoa hetra. »

**Andininy 01.02.38.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny alohan'ny faran'ny andalana amin'io andininy io :

« - avo dimy henin'ny haba amin'ny asa aman-draharaha ho an'ny mpandoa hetra kilasy faha- 4 faha-3 faha 2 ary voalohany. »

**TOKO IX  
FAMPIHENAN-KETRA NOHO NY FIAHINA OLONA**

**Andininy 01.02.43.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny paragrafy voalohany amin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra iharan'ny hetra amin'ny vola tsy manana endrika karama dia manana zo amin'ny fampihenana-ketra Ar 2 400 isan-taona isaky ny olona ahiany. »

...

**Andininy 01.02.50.-**

*Foanana ny voalazan'io andininy io .*

**TOKO XI**

Ovàna toy izao ny loha-tenin'io toko io :

«SAZY MANOKANA»

**Andininy 01.02.51.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

«Amin'ny filazana fatiantoka, ampiharina ny lamandy 25 isanjaton'ny hetra voakajy izay mifototra amin'ny fanitsiana nataon'ny sampandraharaha miandraikitra ny hetra.

*Raha mihataka amin'ny andininy 20.01.52, ho fampiharana ity lohateny ity, ny fitambaram-bidin'ny sazy voatondro dia Ar 2.000.»*

**LOHATENY III  
HETRA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY  
TOKO IV  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**Adininy 01.03.08.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :

« Momba ny fomba famerana ny vola miditra ankapobeny, ireto manaraka ireto ny toambo-tsoa mivaingana voafaritra akapobatana :

- Ho an'ny fiarakodia, Ar 10 000 isam-bolana sy isaka ny fiarakodia izay manana tanjaka latsaka na mihaotra ny 10CV, sy Ar 16 000 isam-bolana sy isaka ny fiarakodia izay manana tanjaka mihoatra ny 10CV; »

...

**Andininy 01.03.09.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny paragrafy fahatelo sy fahaefatra amin'io



andiny io :

.....

« 3°- Ireo saran'ny andraikitra na ateraky ny asa sahanina dia voafaritra ankapobatanana ho 30 isan-jaton'ny vola miditra ankapobeny efa nanesorana ireo fitazonan-ketra voalaza ao amin'ny andalana 1 sy 2 etsy ambony nefa tsy mihoatra ny Ar 120 000 isam-bolana.

4°- Ireto avy ny antotany azo esorina amin'ny hofatrano naloan'ny mpiasa :

- 50 isan- jaton'ny hofatrano ho an'ny hofatrano isam-bolana latsaka na mitovy amin'ny Ar 10 000 ;
  - 30 isan- jaton'ny hofatrano ho an'ny hofatrano isam-bolana mihoatra ny 10 000 na latsaka na mitovy amin'ny Ar 20 000
  - 20 isan-jato ho an'ny hofatrano isam-bolana mihoatra ny Ar 20 000.
- Ny fiambaram-bidy azo esorina, ho an'ny hofatrano, dia tsy tokony hihoatra ny Ar 10 000 isam-bolana. »

...

## **TOKO V FOMBA FAMERANA NY HETRA FITANANA IFOTONY**

### **Andiny 01.03.12.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny paragrafy faharoa amin'io andiny io :

...

« Na izany aza anefa, raha toa ny tontaliben'ny notazonina tsy mihoatra ny Ar 5 000 isam-bolana na raha toa ny fandoavan-ketra mahazatra dia isan-telo volana, ny mpampiasa na ny fikambanana mpandao vola dia omena alàlana hampitambatra ny fandrotsahan-ketra ho isan-telo volana. Izany fandoavan-ketra izany dia tokony ho vitaina ao anatin'ny 15 andro voalohany amin'ny volana manaraka ny fahataperan'ny telo volana voalaza. »

b) Amin'ny faran'io andiny io, foronina ny andalana fahaenina midika toy izao :

*«Ny fanovàna eo amin'ny fotoam-pandoavan-ketra dia tsy maintsy nanaovàna fangatahana avy amin'ny mpandao hetra. Ny fandraharahana ara-ketra no manapaka ny valin'ny fangatahana aorian'ny fandinihina .»*

## **TOKO VI FAMARITANA NY HETRA**

### **Andiny 01.03.16.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andiny io :

« Ny hetra dia kajiana arakarak'ireo taha mifandraika amin'ireo vola miditra amin'ny karama sy ny toa azy araka ireo fepetra voalaza manaraka, ny fototra amerana ny hetra dia boriborina ho amin'ny an-jatony ariary ambany.

#### **A. Sata iombonana**

- Hatramin'ny Ar 50 000: Ar 300

Ampaham-bola miditra voan'ny hetra:

- Ar 50 000,20 hatramin'ny Ar 100 000 : 5 isan-jato
- Ar 100 000,20 hatramin'ny Ar 300 000 :15 isan-jato;
- Mihoatra ny Ar 300 000 : 30 isan-jato;

Na ahoana anefa trangan-javatra, dia tsy tokony hiteraka fandoavan-ketra latsaky ny hetra farany ambany voafaritra manaraka etsy ambany ny fampiharana ny fampihenana-ketra noho ny fiahiana olona voalazan'ny andiny 01.03.19,

- Ar 300 ho an'ireo mandoa hetra amin'ny vola miditra mitentina Ar 100 000 na latsak'izany;
- Ar 2 500 ho an'ireo mandoa hetra amin'ny vola miditra mihoatra ny Ar 100 000.

#### **B. Sata manokana**

Ho an'ny famelana maningana fepetra amin'izay voalaza etsy ambony mikasika ireo karama sasantsasany izay manana endrika miavaka sy manana taha singany izay voatanisan'ny didim-pitondran'ny Ministera misahana ny hetra, ny tahan'ny hetra dia ferana toy izao manaraka izao :

- 2 isan-jaton'ny karama izay manana taha singany Ar 700 na latsak'izany ;
- 4 isan-jaton'ny karama izay manana taha singany mihoatra ny Ar 700 nefa mitovy na latsaky ny Ar 2000 ;

- 10 isan-jaton'ny karama izay manana taha singany mihoatra ny Ar 2 000. »

### **TOKO VIII FAMPIHENAN-KETRA NOHO NY FIAHIANA OLONA**

#### **Andininy 01.03.19.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy voalohany amin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra iharan'ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy dia manana zo amin'ny fampihenana-ketra Ar 200 isam-bolana isaky ny olona ahiany. »

### **TOKO IX NY ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA SY NY ISAM-BATAN'OLONA MANDROTSA-BOLA IHARAN'NY NY HETRA**

#### **Andininy 01.03.21.-**

Amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, ovàna ny vondron-teny hoe : "amin'ny alalan'ny taratasy fandrotsaham-bola nomena" ho "amin'ny alalan'ny taratasy vita printy fameno..."

### **TOKO X**

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :

#### **«SAZY MANOKANA»**

#### **Andininy 01.03.24.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten'io andininy io :

*"Ny sazy ampiharina araka ny andininy 20.01.53 dia zakain'ny mpampiasa na ny vondron'olona mpandoa hetra na izay olona voatendry handrotsaka ny hetra nalaina ifotony.*

*Na izany aza anefa, io sazy io dia mety ahazoana famotsorana tanteraka na ampahany avy amin'ny fangatahana araka ny zavatra miseho amin'ny mpandoha hetra. Avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny didy amam-tsipika momba ny hetra ny fanapahana io famotsoran-ketra io, izay afaka manome ny ampahany na manontolo ny fahafahana am'ny Tale Jeneralin'ny hetra, ny Tale ary ny lehiben'ny Sampan- draharahan'ny hetra.»*

#### **Andininy 01.03.25.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ireo olontsotra na fikambanana izay mandrotsaka vola miditra voan'ny hetra amin'ny karama sy ny toa azy ka nanadino ny nanala ireo hetra manontolo na ampahany fitanana ifotony izay voalaza ao amin'ireo andininy 01. 03. 10 sy ny manaraka etsy ambony dia mandoa ankoatra ny vola tokony notanany lamandy 100 isan-jaton'io vola io izay tsy tokony ho latsaky ny Ar 1.000. »

#### **Andininy 01.03.26.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ireo olontsotra na fikambanana izay nanao fitanana ifotony tamin'ny vola miditra voan'ny hetra amin'ny karama naloa tamin'ny olona ka nanadino nandrotsaka izany manontolo na ampahany any amin'ny mpiasa mpandray ny hetra dia mandoa ankoatra ny vola tsy voarotsaka lamandina 200 isan-jaton'io vola io ka tsy latsaky ny Ar 2.000. »

#### **Andininy 01.03.27.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ireo olontsotra na fikambanana izay nanadino nanatitra tany amin'ny sampandraharan'ny hetra araka ny fepetra voalazan'ny andinin'ny 01. 03. 21etsy ambony, ny taratasy vita printy fameno ny fandrotsahana hetra na taratasy fanamarinana ny vola miditra naloha dia mandoa lamandy 100 isan-jaton'ireo vola ireo ka tsy latsaky ny Ar 2.000. »

#### **Andininy 01.03.29.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra voalazan'ny andininy 01.03.14 ka nanadino nandrotsaka ny hetra manontolo na ampahany dia voasazy mandoa, ankoatry ny fandoavana ny vola tokony naloany, 50 isan-jaton'io vola io »

**Andininy 01.03.30.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Araka ny famelana andingana fepetra ny andininy , ho fampiharana io lohateny io, ny sazy voalaza dia Ar 20.000.»

**LOHATENY IV  
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA ; HETRA  
AMIN'NY ZANA-BOLA SY NY ZANA-TOMBONY  
TOKO II  
SOSAIETY MANANA FOIBE ETO MADAGASIKARA  
B – Lazam-bidy**

**Andininy 01.04.07.-**

Ovàna ny vondron-teny « 30 isan-jato » amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io ho « 20 isan-jato. »

V- Fomba fandoavana ny hetra

**Andininy 01.04.15.-**

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ny haba dia aloa amin'ny alalan'ny fanambarana izay apetraka eo anivon'ny birao famorian-ketra izay misy ny foiben'ny sosaiety, fikambanana tsy miankina na orinasa farafahatarany ny 30 aprily sy ny 31 oktobra. Io haba io dia mihatra amin'ny vokatry rehetra voatanisa ao amin'ny andininy 01.04.03 izay nozaraina nandritry ny enim-bolana teo aloha. Arotsaka farafahatarany ny 31 oktobra ho an'ny fizarana natao nanomboka ny voalohan'ny volana janoary ka hatramin'ny 30 jona ary farafahatarany ny 30 aprily ho an'ireo izay natao tamin'ny voalohan'ny volana jolay ka hatramin'ny 31 desambra. »

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny D- :

« D- Sazy manokana »

**Andininy 01.04.18.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ireo fepetra ao anatin'ity andininy ity :

« Ho fandinganana fialana amin'ny andininy 20.01.54 mba ho fampiharana ity lohateny ity, ny sora-bolan'ny sazy voavinavina amin'izany dia 100 isan-jato amin'ny fanampin'ny hetra takiana.

Ho fandinganana fialana amin'ny andininy 20.01.55 mba ho fampiharana ity lohateny ity, ny sora-bolan'ny sazy voavinavina amin'izany dia 100 isan-jaton'ny hetra aloa.

Na dia eo aza ny fepetra rehetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity, ny sora-bolan'ny sazy ampiharina amin'ny fandikana ny fepetran'ity lohateny ity dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 1 000. »

**TOKO IV  
ANDRAIKITRA SAMIHAFI  
A- Filazana fisiana**

**Andininy 01.04.22.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragrafy voalohan'io andininy io :

« Ny fandikan-dalàna rehetra amin'ny didy voalazan'ny andininy 01.04.21 dia sazina lamandy Ar 5 000. »

**TOKO V  
FANAFAHANA SY FEPETRA MANOKANA ARA-KETRA  
Sosaiety tsy anavahana anarana**

**Andininy 01.04.40.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragrafy fahatelon'io andininy io :  
« 3° Ho fandinganana fialana amin'ny andininy 20.01.54 mba ho fampiharana ity andininy ity, ny sora-bolan'ny sazy voavinavina amin'izany dia 100 isan-jaton'ny hetra natao hosoka. »

**LOHATENY V  
HABA RAIKITRA AMIN'NY FAMINDRANA VOLA ANY IVELANY  
TOKO V  
Fomba famerana ny hetra**

**Andininy 01.05.06.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'io andininy io :  
« Ny haba dia atatao amin'izay mahazo tombotsoa amin'ny famindrana vola. Ny sora-bolany dia tokony kajiana sy anaovan'ny olona izay nanao ny fandefasam- bola any ivelany fanambarana ary arotsaka any amin'ny kitapom-bolan'ny mpamory hetra izay tiany mialohan'ny fandefasam-bola any ivelany. »

Foanana : « TOKO VI »

Foanana : « SAZY »

**Andininy 01.05.09.-**

Foanana ny fepetra amin'ity andininy ity.

**LOHATENY VI  
HETRA TAMBATRA  
TOKO II  
SEHATRA AMPIHARANA  
SOKAJY I  
OLONA MANDOA HETRA**

**Andininy 01.06.02.-**

Ao amin'ny andalana faha-2 amin'io andininy io, ny vondron-teny « 12 millions de francs » dia ovàna ho « Ar 6.000.000».

**TOKO III  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA  
SOKAJY II  
Sandan'NY HETRA**

**Andininy 01.06.06.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy voalohany sy faharoa amin'io andininy io:  
« Ny sandan'ny hetra dia ferana ho 6% n'ny fototra amerana ny hetra. Na manao ahoana na manao ahoana ny hetra dia tsy azo atao latsaky ny Ar 5.000.

Na izany aza ho an'ny mpandao hetra manao asa tsy voakasiky ny haba amin'ny asa aman-draharaha, ny fototra amerana ny hetra ambanin'ny Ar 120.000 isan-taona dia tsy tratran'ny hetra. »

.....

**TOKO IV  
FAMORIAN-KETRA  
SOKAJY III**

Ovàna sy soratana toy izao ny lohatenin'io sokajy io :

**« SAZY MANOKANA »**

Foanana ny lohateny :

**« TATAON-KETRA AMIN'NY FAHATARANA »**

**FIZARANA II  
SARA-PANORATANA SY HAJIA  
SARA-PANORATANA FANEKENA SY FAMINDRAN-TANANA  
TOKO I**

## SEHATRA AMPIHARANA SY FEPETRA ANKAPOBENY

### Andininy 02.01.05.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy fahatelo amin'io andininy io :

.....

« Momba ny hetra mifanentana na ny hetra mitombo an-dàlana sy ny haba mifanentana isankarazany voafaritr'ity fehezan-dalàna ity, ny ampaham-bola sy tombana ambanin'ny Ar 200 dia tsy raisina. »

### **Fe-potoana momba ny sora-panoratana fanekena sy filazana**

### Andininy 02.01.14.-

*Foanana ny fepetran'ny andalana faharoa amin'io andininy io .*

## **TOKO II FILAZANA SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA SOKAJY I FEPETRA IRAISANA**

### Andininy 02.02.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny famorian-ketra dia tsy mety latsaky ny Ar 1.000 raha toa ka tsy manome Ar 1.000 ny tambatra sy ny tomban'ny hetra mifanentana, hetra mitombo andalana na hetra mihena andalana. »

## **SOKAJY II SARANY RAIKITRA**

### Andininy 02.02.03.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ireto manaraka ireto dia soratana amin'ny sara raikitra Ar 1.000 : »

.....

### Andininy 02.02.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ireto manaraka ireto dia soratana amin'ny sara raikitra Ar 2.000 : »

.....

### Andininy 02.02.05.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ireto manaraka ireto dia soratana amin'ny sara raikitra Ar 4.000 : »

.....

### Andininy 02.02.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ireto manaraka ireto dia soratana amin'ny sara raikitra Ar 8.000 : »

.....

## **SOKAJY IV FAMINDRAN-TOMPO MISY SETRINY FANEKENA SY FAMINDRAN-TOMPO VOAN'NY HETRA Fandaozana (vokatry ny fiantohana na trangan-javatra lehibe tsy nampoizina)**

### Andininy 02.02.11.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Ny fandaozana vokatry ny fiantohana na trangan-javatra lehibe tsy nampoizina dia iharan'ny hetra 3 isan-jato. »

.....

**Fampanofana**

**Andininy 02.02.12.-**

- a) Ovàna ho « 1 isan-jato » ny «2 isan-jato » amin'ny paragirafy 1 ary ovàna ho « 2 isan-jato » ny « 4 isan-jato » amin'ny paragirafy 2° amin'ny andalana volohany amin'io andininy io ;
- b) Foanana ny fepetran'ny andalana 2° ny II amin'io andininy io.

**Andininy 02.02.16.-**

Soloina ho « 6° isan-jato » ny « 8° isan-jato » ao amin'io paragirafy 1° amin'io andininy io.

**Fifanekem-panambadiana**

**Andininy 02.02.19.-**

Ovàna ho « 1 isan-jato » ny vondron-teny « 1 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny paragirafy 1° amin'io andininy io.

.....

**Fifanakalozana fananana mifaka**

**Andininy 02.02.20.-**

Ovàna ho « 4 isan-jato » ny vondron-teny « 4 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny paragirafy 1° sy 2°amin'io andininy io.

.....

Tokotanim-barotra sy fitambaran'ny ifandraisana ara-draharaha  
Famindran-tanana misy setriny

**Andininy 02.02.22.-**

Ovàna ho « 6 isan-jato » ny vondron-teny « 6 fmg isaky ny 100 fmg » ary ovàna ho « 2 isan-jato » ny « vondron-teny « 2 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'io andininy io.

**Fizarana**

**Andininy 02.02.28.-**

Ovàna ho « 1 isan-jato » ny vondron-teny « 1 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'io andininy io.

...

**Fidiram-bola maharitra**

**Andininy 02.02.30.-**

Ovàna ho « 1,50 isan-jato » ny vondron-teny « 1,50 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'io andininy io.

....

**Sosaity**

**Andininy 02.02.32.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny tabilao amin'io andininy io :

<b>AMPAHAN'NY RENIVOLA</b>	<b>SANDA AMPIHARINA</b>
Tsy mihoatra ny Ar 10 000 000	1p100
Eo anelanelan'ny Ar 10 000 000 sy Ar 100 000 000 . . .	0,5p100
Mihoatran'ny Ar 100 000 000 . . . . .	0,1p100

*Foanana ny fepetran'ny « c. » amin'io andininy io.*

**Andininy 02.02.37.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny sosaity iray dia heverina ho rava ary arahana fiforonana sosaity hafa iray vaovao, araka ny fomba fijery ara-ketra, raha toa ka ny famindran-tanana am-paham-petra-bola iray na maromaro dia mitarika ny famoriana ireo am-paham-petra-bola ireo eo am-pelatan'ny olona tsotra iray na fikambanana, izay tsy manana am-paham-petra-bola tao amin'ilay orinasa efa nisy. Ireo fifampivarotana ireo dia iharan'ny saram-pamindran-tanana misy setriny arakaraka ny sokajim-pananana am-pelatanan'ny sosaity ary araka ny tombam-bidiny marina, ankoatry ny toe-pananana sy trosa na antontan-taratasy hafa.

Ny famindran-tanana am-paham-petra-bola rehetra ho an' ny tompon'am-paham-petra-bola iray ao amin'ilay orinasa efa nisy dia famindran-tanana tsotra ka ny ankevi-bidiny no amerana ny fikaontina ny hetra.

Ny fiaindraiketana ny trosan'ny orinasa dia iharan'ny sara raikitra Ar 1.000 ankoatran'ireo hetra voalaza eo ambony. »

**Andininy 02.02.44.-**

Ovàna ho « 0,50 isan-jato » ny vondron-teny « 0,50 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny andalana 3° amin'io andininy io .

...

Varotra sy famindran-tanana misy setriny ny entana sy fanana tsy mifaka

**Andininy 02.02.45.-**

Ovàna ho « 4 isan-jato » ny vondron-teny « 4 fmg isaky ny 100 fmg » amin'ny andalana 1° ary ovàna ho « Ar 100.000 » ny « 500.000 fmg » ao amin'ny paragirafy 9° amin'io andininy io.

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana 8° amin'io andininy io :

« Ny fivarotana ataon'ny mpandraharaha sy ny mpivarotra fiara dia mandoa sara raikitra manokana Ar 20.000 isaky ny fiara, na dia eo aza ny toetra ara-barotra ananan'izany famindran-tanana izany. »

**Andininy 02.02.46.-**

Ovàna ho « 4 isan-jato » ny vondron-teny « 4 fmg isaky ny 100 fmg » ary ovàna ho « Ar 1.000 » ny « 5.000 fmg » ao amin'ny paragirafy 1, ovàna ho « 1,50 isan-jato » ny vondron-teny « 1,50 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny paragirafy 2, ovàna ho « 2 isan-jato » ny vondron-teny « 2 fmg isaky ny 100 fmg » ary ovàna ho « Ar 10.000 » ny « 50.000 fmg » ao amin'ny paragirafy 3°, ovàna ho « 2 isan-jato » ny vondron-teny « 2 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny paragirafy 4° amin'io andininy io.

**Andininy 02.02.48.-**

Ovàna ho « 1,50 isan-jato » ny vondron-teny « 1,50 fmg isaky ny 100 fmg » ao amin'ny andalana 1° amin'io andininy io.

**TOKO III  
FAMINDRAN-TOMPO TSY MISY SETRINY  
SOKAJY III  
FEPETRA MANOKANA AMIN'NY FANDOVÀNA**

**Fanesorana ny trosa**

**Andininy 02.03.22.-**

Ovàna ho « Ar 80.000 » ny vondron-teny « 400.000 fmg », ovàna ho « Ar 120.000 » ny vondron-teny « 600.000 fmg », ovàna ho « Ar 120.000 » ny vondron-teny « 600.000 fmg », ovàna ho « Ar 600.000 » ny vondron-teny « 3.000.000 fmg », ovàna ho « Ar 400.000 » ny vondron-teny « 2.000.000 fmg » amin'io andininy io

**SOKAJY IV  
SANDAN'NY HETRA**

**Andininy 02.03.32.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny tabilao A sy B ary D amin'io andininy io :

« A – Fianahana mivantana, amin'ny mpivady sy amin'ny fihavanana misahana ny iray tampo » :

Ampahany amin'ny anjara afa-karatsaka (Ar)	Sarany isan-jato
0,20 hatramin'ny 20 000 000 . . . . .	2p. 100
20 000 000,20 hatramin'ny 60 000 000 . .	5p. 100
60 000 000,20 hatramin'ny 100 000 000 .	10p. 100
ambonin'ny 100 000 000 . . . . .	15p. 100

Foronina ny zana-dohateny B sy ny Tabilao B :

« B – Mpihavana mihoatra ny amabaratonga faha 4 sy ny tsy manana rohim-pihavanana »

« Ampahany amin'ny anjara afa-karatsaka (Ar)	Sarany isan-jato
0,20 hatramin'ny 20 000 000	10p.100
20 000 000,20 hatramin'ny 60 000 000	15p.100
60 000 000,20 hatramin'ny 100 000 000	20p.100
ambonin'ny 100 000 000	25p.100 »

Ovàna ho « C » ny « D » :

« C »- Amin'ny fanafahana ny fepetra etsy ambony, raha orinasa tantanan'olontsotra ilay lova dia ferana amin'ny tombambidin'ny fitambaran'ny fitaovàna rehetra enti-miasa ny hetra rehefa avy anesorana ny trosa ka ampiharana ny taha isan-jato amin'ny ampahany amin'ny tombam-bidy afa-karatsaka ara-pitantanana mifanaraka amin'ny fepetra voalaza eto ambony:

Ovàna ho « 1- Fianahana mivantana, amin'ny mpivady sy fihavanana misahana ny iray tampo » ny « 1- Fianahana mivantana sy amin'ny mpivady »

Ampahany amin'ny anjara afa-karatsaka	Sarany isan-jato
0,20 hatramin'ny Ar 2 000 000	2 p. 100
2 000 000,20 hatramin'ny Ar 4 000 000	4 p. 100
4 000 000,20 hatramin'ny Ar 6 000 000	6 p. 100
6 000 000,20 hatramin'ny Ar 8 000 000	8 p. 100
ambonin'ny Ar 8 000 000	10 p. 100

Foanana ny zana-dohateny : « 2- Fihavanana misahana ny iray tampo » sy ny tabilao miaraka aminy

Ovàna ho « 2 » ny « 3 »- Fihavanana ankoatra ny ambaratonga faha 4<sup>ème</sup> sy ho an'ny tsy misy rohim-pihavanana : 10 isan-jato

**Andininy 02.03.34.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ny fandovàna entana fotsiny ny olona izay tsy mandoa hetra amin'ny vola miditra ary tsy mihoatra ny Ar 15.000 ny fananany dia tsy andoavana hetra amin'ny fandovàna sy haba mifanentana manokana »

**Andininy 02.03.38.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny 1° amin'io andininy io :

« 1° - Ho an'ny fandraisana ny hetra amin'ny fandovàna dia misy fampihenana ifotony ny hetra amin'ny anjaran'ny vady navela sy amin'ny anjaran'ny zanaka nateraka tsirairay velona na voasolo toerana.

Ampitomboina Ar 40 000 io tonom-bola io ho an'ny zanaka nateraka velona tsy ampy taona.

Io fampihenana ifotony ny hetra io dia zaraina amin'ny mpisolo toerana ny zanaka nateraka maty talohan'ny olona lovaina araka ny lalàna fototra momba ny fandovàna.

Raha toa ka zafikely avy hatrany no mandova dia misy fampihenana ifotony ny hetra Ar 60 000 amin'ny anjaran'ny tsirairay fa tsy mihoatra ny ariary 600 000 ny totaliny.



...

**Andininy 02.03.39.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Raha manana zanaka iray na maromaro tsy ampy taona ny mpandova, toloran-dova na tolorana dia mahazo fampihenana-ketra 10 isan-jato isan-jaza nateraka tsy ampy taona kanefa tsy mahazo mihoatra ny Ar 10 000 isan-jaza izany.»

Ovàna sy soratana toy izao manaraka izao ny lohatenin'io fizarana io :

«*Sazy manokana*»

**Andininy 02.03.43.-**

*Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.*

**Andininy 02.03.44.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny mpandova, ny toloran-dova na tolorana, izay tsy nanao ny filazana ny fananana nolovan'izy ireo tao anatin'ny fotoana voafetran'ny lalàna dia mandoa lamandy 1 isan-jato isam-bolan'ny fahatarana na ampaham-bolana kajiana amin'ny hetra aloa amin'ny famindrana lova.

- Io lamandy io dia tsy mihoatra ny antsasaky ny hetra tsotra tsy maintsy aloa ary tsy latsaky ny Ar 1000.

Mba ahafahan'ireo voakasik'izany manarina ny toe-draharaha momba azy dia tsy hisy sazy alaina amin'ny filazam-pananana lovàna tratra aoriana raha toa ka napetraka sy nandoavana hetra talohan'ny 1<sup>er</sup> janoary 2006 ireo filazana ireo. »

**TOKO IV**

**SARA-PANORATANA AMIN'NY BOKY FANANAN-TANY  
FAMERANA SY FIKAONTIANA NY HETRA**

**Andininy 02.04.02.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalany farany amin'io andininy io :

« Ny fifanarahana momba ny antoka ifandaminana mikasika ny fampisamboram-bola fohy ezaka voalazan'ny andininy faha-35 ao amin'ny Didy hitsivolana nomerao 60-146 tamin'ny 3 oktobra 1960 dia tsy ampiharana ny haba mifanentana raha tsy amin'ny andro anatanterahana ny fanoratana raikitra ilay antoka. »

**SANDAN'NY HABA**

**Andininy 02.04.06.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Momba ny fandraisana ny haba, dia tsy anisany ny tonombola latsaky ny Ar 200 .»

**Andininy 02.04.07.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1 sy 2 amin'io andininy io :

« Ar 200 no farany ambany azo raisina amin'ny trano aman-tany na sombiny kadastraly raha toa ka ny tonom-bola na ny tombam-bidy tsy ahazoana haba mifanentana mira Ar 200. »

**Andininy 02.04.08.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalany 1 amin'io andininy io :

« Tsy ampiharana afatsy sara raikitra Ar 200 : »

**FISAVANA ARA-KETRA – SAZY ARA-KETRA**

**Andininy 02.04.11.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalany 2 amin'io andininy io :

« *Ho fanafahana amin'ny voalazan'ny andininy 20.01.54 sy mba ho fampiharana ity toko ity, ny tonom-bola sazy voalaza dia zato isan-jaton'ny sara fandoa.*»

## FANDRAISANA NY HABA

### **Andininy 02.04.14.-**

Foanana ny fehezan-teny farany ao amin'ny andalana faha-3 amin'io andininy io.  
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 4 amin'io andininy io :

.....

« Ny sara-panoratana amin'ny boky fananan-tany takiana amin'ny fifanarahana ara-pampisamborana misy antoka ifanaovan'ny tranombarotra mpampindram-bola dia azo atao inenina mandoha raha toa ny tonom-bola reniny mira na mihoatra ny Ar 60 000. »

## FAMERENANA

### **Andininy 02.04.16.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 2 amin'io andininy io :

« Misy ny fahalaniana paik'andro mikasika ny famerenana ny sara novoriana mihoatra ny tokony ho izy, aorian'ny telo taona manomboka amin'ny vaninandro fanefana ny haba. »

## FAHALANIANA PAIK'ANDRO

### **Andininy 02.04.17.-**

Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

## TOKO V

**Ireo Andraiketry ny mpisolo vava, notera, vadintany, mpiraki-draharaham-pitsarana, mpitantsoratra, mpitsara, aribitira, adiminisitiratera sy manamboninahitra na mpiraki-tsora-panjakana na ireo mpandoa hetra sy ny mpandray vola taratasy voarakitra**

### **Andininy 02.05.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny notera, ny vadin-tany, ny mpiraki-draharaham-pitsarana, ny mpisolo vava, ny mpiraki-tsoram-panjakana, ny manampahefana ara-panjakana dia tsy mahazo manao na mirakitra an-tsoratra taratasy noho ny na vokatry ny taratasy tsy maintsy raketina am-boky amin'ny soratra to na amin'ny matoa atovàna amin'ny soratra to, mandray izany amin'ny firaketany na manome izany ho bireve, tsoatsoratra, kopia na dika, mialohan'ny iraketana azy an-tsoratra, kanefa ny fe-potoana fandraketana an-tsoratra am-boky mbola tsy dila, raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1000 ary tompon'andraikitra amin'ny tenany amin'ny fandoavana haba.»

....

### **Andininy 02.05.02.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Tsy azon'ny notera na mpiraki-draharaham-pitsarana atao ny mandray taratasy ho tehirizina raha tsy manao taratasy fitehirizana izany, raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1000 izy.»

....

### **Andininy 02.05.03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 3 amin'io andininy io ::

.....

« Ny fandikan-dalàna madinika tsirairay dia iharan'ny lamandy Ar 1 000. »

### **Andininy 02.05.05.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny taratasy rehetra manambara ny fampanofana ny nohofana, ny fanoloana, ny fanovan-tànana na famerenana fampanofana, dia tsy maintsy ahitana ara-bakiteny ny filazana ny fandraketana am-boky ny fampanofana niova tànana manontolo na ampahany. »

## **FANIZINGIZINANA ARAKA NY HITSINY TOKOA**

### **Andininy 02.05.09.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 2 amin'io andininy io :

.....  
« Io famakian-teny io dia raketina an-tsoratra ao anaty taratasy fifanarahana raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1 000. »

**Andininy 02.05.11.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana 2 amin'io andininy io :

.....  
« Ny mpiraki-tenim-panjakana izay nandika an-kitsipo ny fepetra voalaza eo ambony na nanoratra an-tsitrabo fanamarinana tsy feno na tsy marina dia iharan'ny lamandy Ar 20 000 ka hatramin'ny Ar 200 000, ankoatra ny sazy ara-pitsipi-pifehezana. »

**TARATASY NA DIDIM-PITSARANA MANOVA TANANA NA MANOLOTRA FANANANA MIFAKA**

**Andininy 02.05.13.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 3 amin'io andininy io :

....  
« Izay mety ho fandikàna ny fepetra volazan'ity andininy ity dia iharan'ny lamandy Ar 1 000. »

**FANAMPIANA ARA-PITSARANA**

**Andininy 02.05.14.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny mpiraki-draharaham-pitsarana dia mandefa any amin'ny mpandray vola momba ny hetra ny tsoatsoratra ny didimpitsarana, ao anatin'ny iray volana nitsaràna, manambara ny fikajiana ny lany tamin'ny fitsarana na ny fitakiana ny sara nataon'ny mpitsara ny tsoatsoratra ny didim-pitsarana na ny didy fampiharana raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1 000 isaky ny tsoatsoratra ny didim-pitsarana na isaky ny didy fampiharana tsy lasa tao anatin'io fotoana voatondro io »

**FAHAZOANA MAMPISEHO**

**Andininy 02.05.15.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io :

« Ny mpitahiry ny boky firaketana ny sora-piankohonana, ny raoly momba ny hetra, ary ireo hafa voatendry hitàna ny tantsoratrela sy ny tahirin'ny sora-pizakana ara-panjakana dia tsy maintsy manao ny filazana izany nefa tsy mamindra any amin'ny mpiasan'ny hetra amin'izay mety ho fangatahana ataon'ny manam-pahefana ary dia atolotra azy ireo tsy misy sara ny fampahafantarana, ny tsoatsoratra sy ny kopia izay ilain'izy ireo ho an'ny tombontsoan'ny tahirim-bolam-panjakana, raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 10 000 noho ny fandavana voarakitra an-tsoratra .nataon'ny mpiasa voatendry. »

....

**Andininy 02.05.18.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

« Ny lamandy aloa noho ny fandavana ny fampisehoana ny boky firaketana araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy eo aloha, dia Ar 20 000.

Raha misy fampiakarana fitsarana, ankoatr'io lamandy io, ireo rehetra izay tratry ny fanamarinana ataon'ny mpiasan'ny hetra dia tsy maintsy mampiseho singan-taratasy sy taratasin-draharaha rehetra tsy mbola nasehony, raha tsy izany dia iharan'ny fanerena Ar 1000 farafahakeliny isaky ny fahatarana andro iray. Io fanerena io dia manomboka amin'ny datin'ny sonia nataon'ireo voakasik'izany na ny fampahafantarana ny firaketana an-tsoratra izay natao anamarihana ny fandavana ny anatanteraka ny didim-pitsarana nampahafantarina ara-dalàna ; tsy mitsahatra io fanerena io raha tsy amin'ny andro izay anamarihana an-tsoratra nataon'ny mpiasan'ny fanamarinana ny hetra ao amin'ny iray amin'ireo boky vontoin'ny sosaity na toeram-piasana izay tsy maintsy nangalan'ny Fitondram-panjakana izany fampisehoana taratasy izany.

- Ny famoriana io fanerena ara-bola io dia enjehana toy ny fanao amin'ny fanoratana am-boky »

**Article 02.05.20.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijanteniny amin'ny paragirafy 2 amin'io andininy io :

....

« II- Toy izany koa no atao amin'ny mpiraki-tsora-panjakana sy ny any amin'ny Minisitery ary izay mety ho mpivarotra mahafaty vola mihoatra ny Ar 200 000 isan-taona. »

**FANAMPIANA ARA-PITSARANA  
Fitanisana ny sara**

**Andininy 02.05.22.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny andalana 2 amin'io andininy io :

....

« Izay mety ho fandikana ity fepetra ity dia iharan'ny lamandy Ar 1.000 izay voriana toy ny fanao amin'ny firaketana am-boky.»

**MPIVAROTRA FANANANA SY TOKOTANIM-BAROTRA  
Adidy aman'andraikitra manokana**

**Andininy 02.05.23.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny andalana 2 amin'ny paragirafy 3 amin'io andininy io :

.....

« 3°- Arahana ara-bakiteny izay rehetra voadidin'ny andininy 02.05.19 momba ny fampiharana ny fahazoan'ny mpiasan'ny hetra mangataka fampisehoana.

Izay mety ho fandikana ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia iharan'ny lamandy Ar 10 000 »

.....

**FANANANA MIFAKA SY TOKOTANIM-BAROTRA**

**ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY MPIVIDY, NY NOTERA, NY MPIKAJY NY FANANAN-TANY  
SY NY MPIRAKI-DRAHARAM-PITSARANA**

**Andininy 02.05.41.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'ny 2° sy 5° amin'io andininy io :

...

« 2°- Na iza na iza nandika ny fepetra voalazan'ny paragirafy 1 eo ambony dia tompon'andraikitra amin'ny tenany amin'ny fandoavana ny sara sy ny sazy tsy maintsy aloa, afatsy amin'ny fanenjehana ny mpandoa hetra, ary ankoatr'izay dia iharan'ny lamandy Ar 1000. »

.....

« 5°- Ny mpikajy ny fananan-tany, ny mpiraki-draharaham-pitsaran'ny varotra, ny lehiben'ny foiben'ny fanoratana any amin'ny rejisi-panjakana, ny lehiben'ny fanaboriboriana an-dranomasina izay nandika ny fepetra voalazan'ny paragirafy 4 eo ambony dia tomponandraikitra amin'ny tenany ny fandoavana ny sara sy ny sazy tsy maintsy aloa afatsy amin'ny fanenjehana ny mpandoa hetra ary ankoatr'izay, iharan'ny lamandy Ar 1 000. »

**FAMINDRANA SORA-PIZAKANA**

**Andininy 02.05.43.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny 3° amin'io andininy io :

....

« 3°- Na iza na iza nandika ny fepetra voalaza eo ambony dia tomponandraikitra amin'ny tenany amin'ny fandoavana ny sara sy ny sazy tsy maintsy aloa, afatsy amin'ny fanenjehana ny mpandoa hetra, ary ankoatr'izay, dia iharan'ny lamandy Ar 1000. »

**Andininy 02.05.46.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy 4 amin'io andininy io :

...

« 4- Na iza na iza nandika ny fepetra voalaza eo ambony dia tomponandraikitra amin'ny tenany amin'ny fandoavana ny sara sy ny sazy tsy maintsy aloa, afatsy amin'ny fanenjehana ny mpandoa hetra, ary ankoatr'izay dia iharan'ny lamandy Ar 5 000. »

**Andininy 02.05.48.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy 1 amin'io andininy io :

....

« Ny olona ipetraham-pahefana voatondro ao amin'ny paragirafy 1 amin'ny andininy 02. 05. 46 dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpandray hetra amin'ny toeram-ponenany ny anarana, fanampinananana sy ny fonenan'ny mpametra-taratasy tsirairay, ary koa ny datin'ny nanokafana kaonty, ao anatin'ny telo volana fara fahatarany ny nanokafana ny kaonty tsy voazara, na ankapobeny misy fifampiantohana, raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 5 000. »

## ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY MPANDAHA-TENY AN-TSORATRA

### Andininy 02.05.49.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny olona voalaza ao amin'ny andininy 02-05-24 ka hatramin'ny 02-05-31, ny mpiraki-tsorapanjakana, voatendry hanamarina taratasy nifanaovàna ary ny olona rehetra izay mirakitra an-tsoratra ny taratasy fifanarahana dia tsy maintsy manoratra ao anatin'ireo taratasy ireo ireto filazalazana manaraka ireto fa raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1 000 isaky ny fanadinoana iray na tsy fanarahan-dalàna iray : »

....

## TOKO VI SARAN'NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY SOKAJY I FEPETRA AKAPOBENY

### Andininy 02.06.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'io andininy io :

« Noforonina ny modely tokana antsoina hoe hajia azo afindra tanana. Ny karazana hajian-ketra manokana mipetaka amin'ny 'vignette' dia ahitana ireto mari-bola ireto: Ar 1, Ar 2, Ar 4, Ar 10, Ar 20, Ar 40, Ar 80, Ar 100, Ar 200, Ar 600, Ar 800, Ar 1000, Ar 2000, Ar 4000 et Ar 20 000. »

### Andininy 02.06.05.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'io andininy io:

« Ny Inspecteur Lehiben'ny magazain'ny hajia dia tompon'andraikitra ara-bola amin'ny fitanatanana ireo hajia ireo. Ho setrin'izany dia omena 0,003 isanjaton'ny totalim-bidin'ny tahiry na hajia misy ao amin'ny kaontiny ny 31 desambra amin'ny taona lasa izay tsy mihoatra ny Ar 50.000 isam-bolana. ».

## Sanda

### Andininy 02.06.16.-

Ny hajian-ketra izay ampiasaina mifanaraka amin'ny refin'ny taratasy dia toy izao manaraka izao :

	Lavany	Sakany	ARIARY
Taratasy fanoratana. ....	0,42	0,594	400
....			
Taratasy tsotra. ....	0,297	0,42	300
Antsasaky ny taratasy tsotra ...	0,297	0,21	200

## Sanda-ketra

### Andininy 02.06.28.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1° amin'io andininy io :

« Ferana ho 0,5 isan-jato ny sanda na hajia ampiasaina mifanaraka amin'ny refin'ny taratasy: »

### Andininy 02.06.29.-

Ovàna sy soratana toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1° amin'io andininy io :

« Hafa tsy ny fepetra manokana mikasika ny andininy 02.06.26, ireo taratasy fifanarahana fisamboram-bola ara-barotra natao tany ivelany amin'ny vahiny ka azo aloa eto Madagasikara sy ny taratasim-barotra mitovy lenta amin'ireo voalaza eo aloha izay natao tany ivelany ka azo aloa eto

Madagasikara dia tataovàna hetra amin'ny ny sanda na hajia ampiasaina mifanaraka amin'ny refin'ny taratasy izay noferana ho 0,5 isan-jato na ampahan-taratasy ho Ar 200. »

....

**Andininy 02.06.31.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao amin'ny andalana 2° amin'io andininy io :

....

« Ny sanda dia :

- Ar 10 hatramin'ny Ar 20 000 vidiny voalaza ;
- Ar 20 mihoatra ny Ar 20.000. »

.....

**SOKAJY IV  
HAJIA AMIN'NY ROSIA  
Sanda**

**Andininy 02.06.41.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1° amin'io andininy io :

« Tsy voakasiky ny fandoavana sarany raikitra Ar 50: »

....

**Fomba andraisana ny Hetra**

**Andininy 02.06.44.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Araka ny famelana handingana fepetra voalazan'ny andininy teo aloha, ireo orin'asa sy olon-tsotra ka manana vola maty mihoatra ny Ar 40 000 000 isan-taona, dia tsy maintsy mandoa , aloan'ny faha-20 ny volana manaraka, ny sandan'ny hajia amin'ny rosia tamin'ireo fifanarahana sy rosiam-barotra izay nomena tamin'ny volana teo aloha. Ny orin'asa sy olon-tsotra izay manana vola maty isan-taona latsaky ny volaza teo ambony dia afaka mangataka io tombotsoa voalaza io ka eken'ny Receveur tompon'andraikitra ao amin'ny faritra. »

.....

**SOKAJY V  
FITATERANA ENTAM-BAHOAKA  
Sanda**

**Andininy 02.06.48.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny sandan'ny hajia ampiasaina amin'ireo karazana taratasin'entana voafaritry ny lalàna dia noferana ho iray sokajy amin'ny Ar 200, n'inon'inona karazam-pitanterana ampiasaina. »

**SOKAJY VII  
FITATERANA ANDRANOMASINA SY NY TARATASIN'ENTANY**

**Andininy 02.06.58.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'io andininy io :

.....

« Raisina amin'ny taratasin'entana izay ampelantan'ny kapitenin-tsambo ny sanda farany ambany Ar 2 000, mifandraika amin'ny hajian'ilay entana volazan'ny taratasy, sy ny tompon'andraikitra ny entana. »

....

**Andininy 02.06.59.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Raha mihoatra ny efatra ny taratasin'entana natao teto Madagasikara dia andoavana Ar 1 000 ny tsirairay mihoatra, raisina amin'ny hajia mifaka izay apetaka amin'ny taratasin'entana ampelantanan'ny kapiteny ary mitovy isa amin'ny dika soratra voalohany ka lazaina ao anatiny ny isany araky ny voalazan'ny hitsivolana andininy faha-17, laharana 62 007 tamin'ny 31 jolay 1962 milaza ny porofo mikasika ny adidy amin'ny maha olom-pirenena. »

.....

### SOKAJY VIII ENTANA ALEFA PAOSITRA

#### **Andininy 02.06.61.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan'ny andalana – 1 amin'io andininy io :

« Ny hajian-ketra amin'ny taratasy fandefasan'entany paositra dia noferana ho Ar 50, ny sisa tsisy fiovàna. »

....

#### **Fandefasan entana aloha ampatongavana**

#### **Andininy 02.06.62.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao amin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny tarehimarika 500 fmg dia ovàna Ar 100. »

### SOKAJY IX SARAM-PANOMEZANA TARATASY SY HABA SAMIHAFANA

#### **A- Hajia ho an'ny fivahiniana**

#### **Andininy 02.06.64.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 3 amin'io andininy io :

« Omena rosian'ny boky fitahirizana ny fandoavana ny sanda-ketra mihotra ny Ar 1 000. Tsy maintsy hita eo amin'ny taratasim-pandehanana ny laharanan'ny rosia izay nomena, ary ny sanda-ketra nefaina dia tsy averina intsony. »

#### **Andininy 02.06.65.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao amin'io andininy io:

«... Ny tarehimarika 180 000 fmg dia ovàna ho Ar 36 000 ary ny 75 000 fmg dia ovàna ho Ar 15 000...»

«... Ny sanda 200 000 fmg dia ovàna Ar 40 000... »

#### **Andininy 02.06.66.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny 'visa' fivahiniana ho anireo teratany vaviny sy ny olom-pirenena rehatra dia tataovàna sanda amin'ny ariary toy izao :

-'Visa' manan-kery ho an'ny fivahiniana latsaka na mitovy amin'ny telo volana . . . . .	30.000
-'Visa' fahazoan-dalana mamaky tanàna anatiny 72 ora farafahaelany. . . . .	24.000
-'Visa' fahazoan-dalana mamaky tanàna anatiny 72 ora farafahaelany ho any fizahan-tany an-tsambo . . . . .	10.000
-'Visa' manan-kery ho an'ny fivahiniana mihoatra ny telo volana ka hatramin'ny telo taona . . . . .	36 000
-'Visa' manan-kery ho an'ny fivahiniana mihoatra ny telo taona ka hatramin'ny dimy taona . . . . .	52 000
-'Visa' manan-kery ho an'ny fivahiniana mihoatra ny dimy taona ka hatramin'ny fivahiniana maharitra . . . . .	60 000
-'Visa' manan-kery amin'ny fivoahana maharitra . . . . .	28 000
-Fanalavam-potoana amin'ny fivahiniana . . . . .	28 000

Antsasak'ireo sandam-pivahiniana ireo no efain'ny mpamita iraka isan-karazany sy ny vadiny monina eto Madagasikara. Toy izany koa ny mpianatra vahiny mandrato fianarana amin'ny sekoly ambonny eto Madagasika.

#### **C- Karam-ponondrom-pirenena sy Karatra Diplômatika**

#### **Andininy 02.06.69.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« ...Ny hajian-ketra 100 fmg dia ovàna hoe Ar 20. Izany dia mihena ho antsasany ho an'ny fanavaozana . Ny fanomezana karatra diplômatika misanda 50 fmg dia ovàna Ar 10...»

#### **D- Fitanana fitaovam-piadiana. Hetra isantaonan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika.**

##### **Andininy 02.06.70.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« ...Ny fanomezana sy fanavaozana fahazoan-dalana fitanana fitaovam-piadiana mahery vaika dia tataovàna hajian-ketra Ar 5000...»

.....

##### **Andininy 02.06.71.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« ...Ny fanomezana sy fanavaozana fahazoan-dalana fitanana lefona dia tataovàna hajian-ketra Ar 100...»

.....

##### **Article 02.06.72.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 2 amin'io andininy io :

....

« ...Noferana ho Ar 5 000 isam-pitaovàna, ho an'ireo karazam-pitaovam-piadiana mahery vaika, izay apetraka eo amin'ny taratasy fazahoan-dalana ny hajia azo afindra tànana mifanaraka amin'izany... »

#### **E- Fiara enti-milina**

##### **Andininy 02.06.74.-**

Ovàna toy izao ny vondron-teny ao amin'ny andalana 1-n'ny I sy ny andalana 1-n'ny II ary ny III,:

« I- ... Ny 25 000 fmg dia ovàna Ar 5 000... »

.....

« II- ... Ny 10 000 fmg dia ovàna Ar 2 000... »

« III- ... Ny 2 500 fmg dia ovàna Ar 500... »

#### **G- Fahazoan-dalana mandevina na mamadika**

##### **Andalana 02.06.76.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« ... Ny 10 000 fmg dia ovàna Ar 2 000... »

#### **I- Taratasy ara-dalàna fanarian-jaza**

##### **Article 02.06.78.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« ... Ny 25 000 fmg dia ovàna Ar 5 000... »

#### **J- Fahazoan-dalana mitrandraka ala**

##### **Andininy 02.06.79.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« ... Ny 2 000 fmg dia ovàna Ar 400... »

#### **K- Fanamarinana an-taratasy ara-pahasalamana**

##### **Andininy 02.06.80.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« ... Ny 2 000 fmg dia ovàna Ar 400... »

#### **SOKAJY XIII**

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny sokajy :

“SAZY”



## **A- Fepetra ankapobeny**

### **Andininy 02.06.93.-**

Ovàna toy izao ny rijanteniny amin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« ... Ny 5 000 fmg dia ovàna Ar 1000... »

« ... Ny 5 000 fmg dia ovàna Ar 1000... »

## **B – Fandikan-dalàna manokana**

### **Andininy 02.06.94.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« I -... Ny 5 000 fmg hatramin'ny 50 000 fmg dia ovàna Ar 1000 ka hatramin'ny Ar 10 000...

II – Ny sheky tsy ahitana toerana sy daty nanoratana azy na ahitana daty diso na mari-bola tsisy antoka mialoha sy azo alaina avy hatrany dia mahavoasazy ny tompony roapolo isan-jaton'ny mari-bola voasoratra. Tsy latsaky ny Ar 1 000 ny sazy amin'izany.

Mihatra ihany koa io sazy io ho an'izay manome na mandray ny sheky tsy ara-dalàna voalaza eo ambony. Ny tsy fanarahan-dalàna voalazan'ny adinin'ny 02. 06. 24 hatramin'ny 02. 06. 26 sy 02. 06. 28 hatramin'ny 02. 06. 31, ny tsirairay amin'ny olona mandray anjara mivantana na ankolaka amin'ny tratrasim-bola tsy misy hajia na voamarina ny fandoavana ny hajian-ketra dia iharan'ny sazy enina isanjato, farafahakeliny Ar 1 000.

Raha toa ka latsaka ny tokony ho izy ny sandan'ny hajia niasa, io sazy io dia ampiharina amin'ny elanelam-bidn'ny hajia tokony haloa sy ny efa nampiasaina.

*III- Ho fampiharana ity sokajy ity, ny sazy volazan'ny andininy 20.01.53 dia mihatra amin'ny fifanarahana rehetra voalazan'ny andininy 02.06.44 sy ny 02.06.52 ary amin'ny ankapobeny dia mihatra ihany koa amin'ny fifanarahana fandoavana ara-pilazana amin'ny antsipiriany.*

*Mba hampiharana ity toko ity sy ny tsy fanefana sazy omen'ny andininy 20.01.54, ny sandan'ny sazy dia zato isanjaton'ny sandan-ketra tokony haloa.*

IV- Ny vidim-pidirana amin'ny fampisehona dia tsy maintsy azo zaraina amin'ny isa dimy. Ny fandikana izany dia azahoan-tsazy dimam-polo isan-jaton'ny hetra tokony haloa, araka ny sanda farany ambony voalazany andininy 02. 06. 40 ka tsy latsaky ny Ar 1000 ny farany ambony. »

## **E- Adidin'ny mpikarakara lanonana**

### **Article 02.06.97.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny mpikarakara fampisehona rehetra dia tsy maintsy manome rosian'ny tapak'ila maneho ny vidim-pidirana amin'ny hetsika rehetra izay karkarainy. Ny fandikana izany dia andoavan-tsazy Ar 1 000, ary araka ny tranga mety hiseo dia miampy sazy indroa avo heny amin'ny sandan-ketra tokony haloa.»

....

## **TOKO VII HETRA NY FIARA MANDEHA AMIN'NY MILINA**

### **Andininy 02.07.01.-**

Noforonina ho an'ny fiara-kodia, fiara enti-milina izay tsy maintsy mitondra laharana famantarana ary ny zambo fitsagangatsanganana mitondra milina raikitra na azo asorina, ny hetra isan-taona ka ny vola azo amin'izany dia omena ny tahirimbolan'ny Faritany Mizaka Tena.

Ny sandan-ketra dia ferana araka ny tanjaka, sy ny taonan'ny fiara, toy izao manaraka izao:

Ovàna toy izao ny sandan'io andininy io :

TAONAN'NY FIARA	FIARA MANANA TANJAKA ARA-PANJAKANA				
	1 hatramin'ny 4 CV	5 hatramin'ny 9 CV	10CV hatramin'ny 12 CV	13 CV hatramin'ny 15 CV	Mihoatra ny 15 CV
	« Ariary	Ariary	Ariary	Ariary	Ariary
Fiara latsaky ny 5 taona	2 100	2 400	2 700	3 900	5 700
Fiara 5 taona ka hatramin'ny 10 taona	1 500	1 800	2 100	3 300	5 100
Fiara mihoatra ny 10 taona ka hatramin'ny 20 taona	900	1 200	1 500	2 100	2 700
Fiara mihoatra ny 20 taona	450	600	750	1 500	2 400 »

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana-4 sy 6 amin'ity andininy ity :

....

« Mikasika ny FITATERANA an-tanety natokana iasana na ireo hitanteran'olona ary koa ny fiara ilaina amin'ny fampandehanandraharahan'ny sampan'asa tsy andraisam-bola ny asany, mpanao asa soa, ny sandan-ketra dia noferana ho Ar 800. »

....

« Ho an'ny fiara manidina, ny sandan-ketra dia noferana Ar 120 000 isan-taona ary isam-piara. »

#### **Andininy 02.07.05.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragrafy-1 amin'io andininy io :

«*Ho fampiharana ity toko ity, ny andininy 20.01.53 dia mihatra tsy misy fepetra ho an'ny fiara hazonina araka ny lalanam-panjakana.*»

....

### **TOKO VIII HETRA ALAINA AMIN'NY FIARA FIVEZIVEZEN'NY ORIN'ASA**

#### **Andininy 02.08.02.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin' ity andininy ity :

« Ny sandan-ketra dia ferana toy izao:

- Ar 60 000 ho any fiara manana tanjaka ara-panjaka mitovy na latsaky ny 9 CV
- Ar 6 000 isaky ny tanjaka ara-panjakana ho an'ireo fiara manana tanjaka mihoatra ny 9CV. »

#### **Andininy 02.08.07.-**

a) *Foana ny voalazan'ny andalana 1° sy 2° amin'ity andininy ity .*

b) *Miova toy izao ny andalana faha-3 amin'ity andininy ity :*

« *Fanomezan-dàlana araka ny andininy 20.01.54, ho fampiharana ity toko ity ny sandan-ketran-tsazy mifanaraka amin'izany dia zato isan-jaton'ny sandan-ketra tokony haloa.*»

### **TOKO IX HETRA AMINNY FIFANARAHAM-PIANTOHANA**

#### **Andininy 02.09.13.-**

Ovàna toy izao ny vondron-tenin'ny andalana 3 amin'ity andininy ity : :

« ... ny 50 000 fmg dia ovàna Ar 10 000... »

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny andininy 02.09.14

**«SAZY MANOKANA»**

**Andininy 02.09.14.-**

a) Foana ny voalazan'ny andalana 1,2, sy ny faran'ity andininy ity.

b) Soloana toy izao ny fanoratana ny voalazan'ny andalana 1,2 amin'ity andininy ity :

«Ny famelan-tsazy araka ny andininy 20.01.53 sy 20.01.54, araka ny fampiharana ity toko ity, ny sandan-tsazy sy lamandy mihatra dia zato isanjaton'ny hetra takina na ny fanampy-ketra araka izay mitranga.

Noho ny tsy fampiharana ny andininy 20.01.56, sy ho fampiharana ity toko ity, ny sandan'ny lamandy mihatra dia Ar 1 000.»

**TOKO X  
FAMORIAN-KETRA  
SOKAJY I  
FANDOAVAN-KETRA  
Fandoavana ny hetra alohan'ny Fanoratana**

**Andininy 02.10.01.-**

Ovàna toy izao ny vondron-teny amin'ity andininy ity :

« ... Ny 150 000 fmg dia ovàna Ar 30 000..., ny 250 000 fmg dia ovàna Ar 50 000... »

**SOKAJY VI**

**OVÀNA TOY IZAO NY LOHATENIN'ITY SOKAJY ITY :**

**«SAZY MANOKANA»**

**Andininy 02.10.24.-**

a) Foana ny voalazan'ny 1° voalohany amin'ity andininy ity

b) Foronina sy soratana toy izao ny 1° amin'io :

«1° noho ny tsy fampiharana ny andininy 20.01.54, mba ho fampiharana ity toko ity, ny sandan-tsazy mihatra dia zato isanjaton'ny sandan-ketra takiana.

Araka ny voalazan'ny 20.01.56, mba ho fampiharana ity toko ity, ny sandan-tsazy mihatra dia Ar 1 000. »

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny fanoratana ny 2° amin'ity andininy ity :

«2° ...dia iharan'ny sazy voalazan'ny andininy 20.01.52 sy ny manaraka....»

....

e) Ovàna toy izao ny vondron-teny amin'ity andininy ity :

« 4° ... ny sazy 100 000 fmg dia ovàna ho Ar 20 000...»

**Article 02.10.25.-**

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andalana faharoa ao amin'ny paragrafy 1° amin'ity andininy ity :

....

« ...ny sazy 5 000 fmg dia ovàna Ar 1 000...»

**Fanafenana**

**Andininy 02.10.26.-**

Ovàna toy izao ny vondron-tenin'ny paragrafy faha - 3 amin'ity andininy ity :

.....

«- ny sazy latsaky ny 50 000 fmg dia ovàna Ar 10 000»

**Andininy 02.10.27.-**

Ovàna toy izao ny vondron-tenin'ity andininy ity :

.....

«- ny sazy latsaky ny 50 000 fmg dia ovana Ar 10 000»

**TOKO XI**  
**FANAFAHANA ARA-KETRA SY FEPETRA MANOKANA**  
**Sokajy II**  
**RAHARAHA ARA-TOE-KARENA , ORINASA MIKASIKA NY FANDALINANA , FIKAROHANA ARY**  
**FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY**  
**Tapakila nandoavam-bola sy fanamarinana fandraisan'entana**

**Andininy 02.11.16 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy 1° amin'io andininy io :  
« I- Tsy mandoa hajia ny tapakila nandoavam-bola na zavatra ambanin'ny Ar 10 na inona na inona fomba andoavana azy. »

...

**Fizahan-tany**

**Andininy 02.11.17 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faha 2 amin'io andininy io :

...

« Raha anatin'ny dimy taonan' ny fividianana ka mbola tsy nivoaka na noraisina ny fankatoavan'ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny fizahan-tany, ny fanampin'ny hetra mifandanja momba ny famindrana dia lasa tokony azo takina ankoatry ny zana-bola avy amin'ny fahadisoam-potoana mitetina ho 0,50 isan-jato isam-bolana na ampaham-bolana, manomboka amin'ny daty fanoratana ny taratasy . »

**Andininy 02.11.19 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy 1° amin'io andininy io :

« I- Raha toa ka nisy vatsin-ketra tsy voarotsaka, ny didim-pitsarana mikasika ny laharam-pamantarana ka mitsipaka ny fangatahan'ny mpanohitra voaheloka handoa dia voasoratra ho vola takiana noho ny fahabangana. Na izany aza, alohan'ny fahatanterahan'ny fandoavana ny haba miantona, ny mpitan-tsoratra ny fitsarana dia tsy afaka manome afa-tsy tahadika amin'ny taratasy tsotra hipetraka any amin'ny fikajiana ny fananan-tany ka mitondra mazava ny filazana izay antony ilana azy izay, raha tsy izany dia iharan'ny lamandy Ar 1 000. Na misy aza ny fepetra mifanohitra, ny mpikajy ny fananan-tany dia tsy afaka manome dika marina an'io tahadika io raha tsy misy fanamarinana ny fandoavana ny hetra miantona. »

....

**SOKAJY VI**  
**VAROTRA – BANKY**  
**Bankiompitra sy fandravonana ara-pitsarana**

**Andininy 02.11.38 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io

« Ankoatry ny didim-pitsarana , ny taratasy voasoratra ho fanatanterahana ny lalàna mikasika ny bankiompitra sy ny fandravonana ara-pitsarana dia afaka amin'ny fombafomba arahina amin'ny fanoratana sy ny hajia raha toa ka ny sarany raikitra Ar 1 000 ihany no miatra aminy . »

**Vadin-tany**

**Andininy 02.11.57 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io

« Ny vadin-tany izay tsy manana ny fonenana anivon'ny biraon-ketra iray dia mahazo alalana hanova ny fombafomban'ny fanoratana ny taratasy amin'ny sarany raikitra Ar 1 000 amin'ny fametahana hajia azo afindra tanana izay mitovy vidy amin'ny matoan-tsoratra. Ny vidin'io hajia io dia miampy ny vidin'ny hajia ara-drefy izay tokony aloha na eo amin'ny matoan-tsoratra na eo amin'ny dika sy ny taratasy miaraka aminy. »

**TOKO XII**

**HETRA AMIN'NY TOMBOM-BIDY AMIN'NY TANY SY TRANO  
FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 02.12.07 :**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io

« Ny hetra dia kajiana amin'ny fampiharana amin'ny ampahan'ny tombom-bidy andoavan-ketra ny taha izay mifanaraka aminy ao amin'ny rafi-marika etsy ambany :

Ampahan'ny tombom-bidy	Taha
- Ar 0,20 ka hatramin'ny Ar 2 000 000 .....	5 isan-jato
- Ar 2 000 000,20 ka hatramin'ny Ar 4 000 000 .....	10 isan-jato
- Ar 4 000 000,20 ka hatramin'ny Ar 6 000 000 .....	15 isan-jato
- Ar 6 000 000,20 ka hatramin'ny Ar 8 000 000 .....	20 isan-jato
- mihoatra ny Ar 8 000 000 .....	25 isan-jato

Ovàna toy izao manaraka izao ny filazana ny ao anatin'ny andininy 02.12.16 :

**« SAZY MANOKANA »**

**Andininy 02.12.16-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1° sy 2° amin'io andininy io :

« Ny fanadinoana ny fanazavana mikasika ny fiandohan'ny fananana izay ao anaty fifanekena na ao amin'ny filazana ny famindram-pananana ara-tany na ara-trano, ny fampahafantarana voalaza ao amin'ny andininy 02.12.14 etsy ambony, dia voasazy lamandy Ar 1 000 izay mijanona an-tena amin'ny solom-pampanoa lalàna mpanoratra na amin'ny andaniny izay mivarotra ireo tany ireo amin'ny alalan'ny taratasy izay nosoniavina tsy natrehan'ny manam-pahefana.

Ho famelana handingana ny fepetra ao amin'ny andininy 20.02.54, ho fampiharana ity toko ity, ny fetran'ny sazy voalaza ao dia mira 100 isan-jaton'ny hetra tsy maintsy aloha amin'ny tombom-bidy voakajy araka ny vidiny marina nahazahoana azy, ka tsy ambanin'ny Ar 1 000 ny sazy. »

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny tapany faha 2 – amin'ny andalana faha 3 amin'io andininy io :

« Ny sazy amin'ny fadisoam-potoana voalaza ao amin'ny andininy 20.01.53 ary voavory amin'ny maha-sazy azy nohon'ny tsy fanatanterahana ny fanoratana ny taratasy anatin'ny fe-potoana voafetra, dia alaina amin'ny hetra tsotra amin'ny fanoratana miampy ny hetra amin'ny tombom-bidy. »

**FIZARANA FAHA-TELO  
HETRA TSY MIVANTANA  
LOHATENY VOALOHANY  
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA  
TOKO IV  
FEPETRA SAMIHAF**

**Andininy 03.01.06 :**

Foanana, soloina ary arafitra toy izao manaraka izao ny fepetran'io andininy io :

« Ny mpanamboatra ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia tsy maintsy manao filazana momba ny habetsahan'entana voan'ny hetra ary mandoa ny haba mifanaraka amin'izany any amin'ny mpandray vola momba ny hetra raha ela indrindra ny andro faha roapolo ny volana manaraka ny roa volan'ny fanamboarana na ny fanjifàna. »

**Andininy 03.01.10 :**

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny tsy fanarahan-dalàna rehetra mikasika ny fanamboarana sy ny varotra vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania, hafa amin'ny paraky sy ny taoka ary ny zava-pisotro misy alikaola sy ny vokatra mitampoka alikaola, ny tetika rehetra mikendry na miafara amin'ny fanaovana halatra na tsy fandoavana tanteraka ny hetra tokony aloa, dia iharana sazy amin'ny haba mitentina Ar 100 000 ary figadrana eo amin'ny iray ka hatramin'ny enim bolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo , sazin-ketra mira avo roa heny ny hetra nanaovana halatra na tsy naloa tanteraka, nefa tsy manakana ny fandraofana ny vokatra na entam-barotra voatazona tamin'ny alalan'ny fandikan-dalàna voamarika an-tsoratra izany. »

**LOHATENY II  
HETRA SY HABA SAMIHAF**

## **TOKO VOALOHANY**

Anaty ny lohatenin'io toko io, ny fehezan-teny « ZAVA-PISOTRO MAHAMAMO » dia ovàna hoe « ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA »  
Haba manokana alaina amin'ny zava-pisotro notapohina alikôla, ny paraky voahodina sy ny lalao filokana.

### **SOKAJY IV FEPETRA SAMIHAFANA**

#### **Andininy 03.02.04.-**

Foanana ny fepetran'ny andalana faha 2° amin'io andininy io.

### **TOKO II HABAN'ANDRIMASO SOKAJY II TAHAN-KETRA**

#### **Andininy 03.02.09.-**

Ovâna toy izao ny rijantenin'ny andalana 1 amin'io andininy io :

« Ny tahan-ketra dia ferana ho Ar 150 isan'ora fanaraha-maso.

Ho an'ny fikajiana ny hetra , ny ampahany rehetra latsaky na mira atsasan-kadiny dia tsy rarahina, ny ampahany rehetra mihoatra dia mikaonty ho adiny iray. »

### **TOKO III FANALANA AMPAHANY AMIN'NY TRANO FILALAOVANA SY NY VOKATRY NY LALAO SOKAJY I HAJIA**

#### **Andininy 03.02.12.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny andalana 1° amin'io andininy io :

« Ny fahazoana miditra amin'ny trano filalaoavana dia mitarika famoriana hajia amin'ny tombontsoan'ny tetibola ankapobe , izay ferana toy izao ny zarany :  
Ar 10 000 raha manan-kery iray andro ny fahazoana miditra ;  
Ar 40 000 raha manan-kery herinandro ny fahazoana miditra ;  
Ar 140 000 raha manan-kery iray volana ny fahazoana miditra ;  
Ar 600 000 raha manan-kery erintaona ny fahazoana miditra. »

### **SOKAJY II FANALANA AMPAHANY MANOKANA**

#### **Andininy 03.02.13.-**

Ovâna toy izao ny rijantenin'ny andalana faha 3 amin'io andininy io :

« Tsy manimba ny sazy voalaza ao amin'ny andininy 02.06.94III, na ny fandoavana ny hetra tsotra tokony aloha, ny tsy fametrahana ny fitanisana ny vola miditra dia tokony ampiharana sazin-ketra Ar 40 000. »....

### **LOHATENY III FAMERANA SY FAMPIDIRANA MIKASIKA NY HETRA TSY MIVANTANA TOKO I FAMERANA SY FAMPIDIRANA NY HETRA**

#### **Andininy 03.03.04.-**

Ovâna ho toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny mpandray vola momba ny hetra dia tompon'andraikitra manokana sy ara-bola amin'ny raharaha izay iandraiketany amin'ny alalan'ny andininy 03.03.01 ka hatramin'ny 03.03.03 etsy ambony. Amin'izany, dia hisy tambin-karama amin'ny fiandraiketana ny fitehirizam-bola voafetra ho 0,5 isan-jaton'ny vola tafiditra ka tsy mihoatra Ar 30 000 isam-bolana ho an'ny fampidiram-bola mpanampy ary Ar 50 000 isam-bolana ho an'ny fampidiram-bola fototra. »

### **TOKO II FANENJEHANA**

#### **Andininy 03.03.09.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faha 2 an'io andininy io :

...

« Na izany aza, ny fivarotana ny entana voatazona dia tsy tokony hisy raha tsy avy amin'ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra na, raha sendra ka tsy mihoatra Ar 4 000 ny vidin'ny entana, na raha entana mora simba, avy amin'ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany izay miasa amin'ny maha solontenan'ny Minisitra mpiandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra. »

**FIZARANA FAHA EFATRA  
SARA ALAINA AMIN'NY VOKATRA  
TOKO V  
FAMERANA SY FAMPIDIRANA NY SARA**

**Andininy 04.01.16.-**

Ovàna ho toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mametraka ny filazana voatondro ao amin'ny andininy etsy aloha ary mandoa ny sara mifanaraka amin'izany :

- alohan'ny fakàna azy eny amin'ny ladoany ho an'ny entana afarana avy any ivelany  
- raha ela indrindra ny andro faha roapolon'ny volana izay manaraka ny volana nampiasana azy, ho an'ny entana vita eto an-toerana sy ireo nahazo fepetra fampihantonana. »

**Andininy 04.01.18.-**

Foanana ny fepetran'io andininy io.

**Andininy 04.01.19.-**

Ovàna ho toy izao ny manaraka izao ny fanoratana ny andalana faha 3 amin'io andininy io :

...

« Amin'izany, dia hisy tambin-karama amin'ny fiandraiketana ny fitehirizam-bola omena azy ary voafetra ho 0,5 isan-jaton'ny vola tafiditra ka tsy mihoatra Ar 30 000 isam-bolana ho an'ny fampidiram-bola mpanampy ary Ar 50 000 isam-bolana ho an'ny fampidiram-bola fototra. »....

**FIZARANA V  
FEPETRA MANOKANA MIKASIKA NY VOKATRA IHARAN'NY  
FANARAHAMASO ARA-PANJAKANA  
LOHATENY V**

Ovàna ary arafitra toy izao ny filazana ny ao anatin'io lohatenin'io : « SAZY MANOKANA »

**TOKO VOALOHANY**

**FANDIKAN-DALANA ARA-KETRA AMIN'NY FAMBOLENA SY FANAMBOARANA PARAKY**

**Andininy 05.05.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy - 1.c. andalana faha 2° , 3°, 4°, 5°, 6°, 7°, 8°, 9° ary 10° amin'io andininy io :

...

« Ireo fandikan-dalana ireo dia voasazy manaraka izao fepetra izao :

- hoan'ny paraky roapolo fototra na ampahan'ny roapolo fototra nambolena amin'ny fomba voarara, lamandy mira Ar 140 raha eo ambonin'ny tanimboly tsy voaaro ny fambolena, ary Ar 280 raha toa ny fambolena ka vita ambonina tany voahodidina fefy, ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo. »

« 2° fitahirizana ny paraky mihoatra izay habetsahana voafaritry ny fepetra amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika manan-kery ao aorian'ny fotoana voalaza ho an'ny fanaterana :

lamandy mira, isaky ny iray kilao amin'ny paraky voatazona tsy nahazoan-dalana, Ar 280 ka ny fara fahakeliny Ar 1000 ankoatra ny fanagiazana ny paraky voatazona ; »

« 3° fitazonana ny paraky raviny amin'ny fepetra hafa noho izay voalaza ao amin'ny voalazan'ny didy amam-pitsipika manan-kery :

lamandy mira, isaky ny iray kilao amin'ny paraky raviny, Ar 400 ka ny fara fahakeliny Ar 2 000 sy fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, ankoatra ny fanagiazana ny paraky voatazona ; »

« 4° famindrana maimaim-poana na nialam-bola any amin'ny fonenana na ara-varo-mandeha ny paraky ravina, fivarotana na varomaizina vokatra eo anivon'ny samy mpamokatra :

Lamandy mira, isaky ny iray kilao amin'ny paraky ravina, voafindra, voavarotra na mbola any ampelatanan'ny mpandika lalàna, Ar 500 ka ny ambany indrindra dia Ar 2 500 ary fampidirana amponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany, ankoatra ny fanagiazana ny paraky voatazona, ary ny fanagiazana ny fitaovana ampiasaina amin'ny varotra sy, raha varo-mandeha, ny fanagiazana ny fitaovam-pitanterana, fa ho antoka ihany amin'ny lamandy. »

« 5° fitazonana ny fitaovana famokarana paraky ataon'ny olona izay tsy nanao filazana tamin'ny sampandraharahan'ny hetra ny fananana ireo fitaovana ireo :

lamandy Ar 10 000 ankoatra ny fanagiazana ny fitaovana voatazona ; »

« 6° fanaovana paraky tsy nahazoana alalana na fitazonana miaraka ny fitaovana sy paraky raviny na paraky eo an-dalam-panamboarana na paraky efa vita nefa mbola tsy misy hajia, na inona na inona habetsahany :

isaky ny paraky iray kilao, lamandy Ar 400 ary ny ambany indrindra dia Ar 3 000 sy fampidirana am-ponja mandritry ny iray ka hatramin'ny enim-bolana na iray amin'ireo sazy ireo ihany, ankoatra ny fanagiazana ny paraky, fitaovana fanamboarana ; »

7° Filazana misy hosoka tsy fanaovana filazana, fisakanana amin'ny fanatanterahana ny asa :

Isaky ny paraky iray kilao, lamandy mira Ar 400 ary ny ambany indrindra dia Ar 3 000 ary fanagiazana ny paraky tratra tamin'ny hosoka, ny fitaovana ary ny fonony ; »

« 8° fitazonana, famarotan'ny mpanamboatra, ny mpivarotra na olona hafa, ny paraky voamboatra amin'ny fepetra ankoatra ny voalazan'ny lalàna mifehy ny famarotana ny paraky :

isaky ny paraky iray kilao, lamandy mira Ar 600 ary ny ambany indrindra dia Ar 4 000 ary fanagiazana ny paraky voatazona ; »

« 9° fitazonana, fampiasana marika manokana fampahafantarana sy hajia efa nampiasaina, fanatontana, fitazonana ary fampiasana marika manokana fampahafantarana sy hajia hosoka :

lamandy Ar 40 000 ankoatra ny fanagiazana ny marika manokana fampahafantarana sy ny hajia, fonosan'entana hosoka, ny fitaovana ampiasaina ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany, ny mikasika ny fanatontana ny marika manokana fampahafantarana sy ny hajia hosoka, ny sazy voalaza ao amin'ny andininy 142 sy 143 ny fehazan-dalàna famaizana»

« 10° ny fandikan-dalàna hafa rehetra amin'ny fepetra amam-pitsipika araka ny fampiarana ity lohateny ity dia voasazy mandoa lamandy Ar 40 000. »

## TOKO FAHAROA

Ovàna ho « ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA » ny « ZAVA-PISOTRO MAHAMAMO »

« FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FANAMBOARANA NY ALIKOLA SY NY NY ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA »

### **Andininy 05.05.02.-**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana io andininy io :

« Voasazy lamandy Ar 1 000 isaky ny litatry ny zava-pisotro namboarina ka Ar 10 000 no ambany indrindra ary tsy maintsy fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny roa taona ny fanamboarana zava-pisotro misy alikôla sokajy voalohany izay tsy nahazo alalana. »

### **Andininy 05.05.03.-**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana io andininy io :

« Voasazy lamandy Ar 400 isaky ny litatry ny zava-pisotro namboarina ka Ar 4 000 no ambany indrindra ary tsy maintsy fampidirana am-ponja enim-bolana ka hatramin'ny iray taona ny fanamboarana zava-pisotro misy alikaola sokajy faharoa izay tsy nahazo alalana. »

### **Andininy 05.05.04.-**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana io andininy io :

« ny famelomana alikaola sy ny fanandramana famelomana alikaola efa nihena hery, izay fomba rehetra mba hanodinana alikaola efa nihena hery na ampihenana hery, na mba hanekena ny fanenana hery ny alikaola efa lany hery, dia voasazy handoa Ar 100 000 sy tsy maintsy hampidirina am-ponja iray ka hatramin'ny roa taona. »

### **Andininy 05.05.05.-**



Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana io andininy io :

« Voasazy handoa lamandy Ar 100 000 sy fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny roa taona na sazy iray amin'ireo roa ireo ihany, ny hosoka atao any amin'ny orinasa fanasitiliana toaka ao anaty zohy na amin'ny fomba hafa hitaritana na hitondrana ilay alikaola na toaka afenina. »

**Andininy 05.05.06.-**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Voasazy handoa lamandy Ar 100 000 sy fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na sazy iray amin'ireo roa ireo ihany : »

...

**TOKO FAHATELO**

**Ovàna ho « ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA » ny « ZAVA-PISOTRO MAHAMAMO »  
« FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FIVEZIVEZEN'NY PARAKY SY NY ZAVA-PISOTRO  
MISY ALIKAOLA »**

**Andininy 05.05.07-**

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andalana voalohany, sy ny andalana faharoa ny paragrafy fahatelo amin'io andininy io

« Voasazy handoa lamandy Ar 40 000 ny fandikan-dalàna mikasika ny fivezivezen'ny paraky sy ny zava-pisotro misy alikaola indrindra : »

...

« Na dia izany aza, ny fandikan-dalàna mikasika ny paraky efa voavoatra voalaza ao amin'ny paragrafy 1°, 2° sy 3° amin'ity andininy ity dia voasazy handoa lamandy Ar 400 isaky ny kilao ary ny ambany indrindra dia Ar 4 000 ; »

...

**FIZARANA FAHENINA  
HABA AMIN'NY VOLA MATY  
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY ( TVA )  
SOKAJY II  
OLONA SY ORINASA IHARAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.04.-**

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'ny andalana faharoan'io andininy io:

"Ny orinasan'olon-tokana izay manana vola maty afaka haba isan-taona mihoatra na mitovy amin'ny Ar 50.000.000 dia tsy maintsy iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy."

**TOKO VI  
TAHAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.12:-**

Ampiana ny andalana faharoa mirija toy izao:" io taha io dia 18% manomboka ny voalohan'ny volana septambra 2005 "

**TOKO VII  
FOMBA FAMERANA NY HETRA**

**Andininy 06.01.15.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny ao amin'ny andalana faharoa ao amin'io andininy io:

"Ny filazana isam-bolana na isan-telovolana dia tsy maintsy mampiseho mihavaka tsara ny fitambaran'ny raharaha andoavan-ketra sy ireo tsy andoavan-ketra vitan'ny mpandao hetra iray."

Ovàna toy izao ny rijanteny ao amin'ny andalana fahefatra'io andininy io:

" Ny mpandao hetra nahafaty vola afakaba isan-taona mitovy na mihoatra amin'ny Ar 100.000.000 kanefa latsaky ny Ar 200.000.000 ka manao fangatahana alohan'ny Iray Febroary, dia omena alalana hanao ny filazana isam-bolana."

**TOKO X  
FAMERENANA TROSAN-KABA**

**Andininy 06.01.24.-**

Foronina ao amin'io andininy io ny andalana fahenina mirija toy izao:

"Ny trosan-kaba amin'ny tataom-bidy nekena amin'ny famerenana dia azon'ny Fandraharahana ara-ketra afindra tompo ho fanonerana ny hetra hita ao ami'ny boky I n'ity Fehezan-dalàna ity."

**Andininy 06.01.24 bis**

Ovàna toy izao ny rijanteny ao amin'ny andalana voalohany ao amin'io andininy io:

"Ny orinasa mandoa haba izay manao hana-pamokarana manan-danja ka miteraka trosan-kaba amin'ny tataom-bidy mihoatra ny Ar 20.000.000 dia omena alàlana hamindran-tompo ny haba amin'ny tataom-bidy izay tsy voahaisotra tao anatin'ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy 06.01.17 tetsy ambony."

***Foano: "TOKO XII"***

***Foano ny lohateny ao anatin'ny Toko XII***

**Andininy 06.01.28.-**

*Foano ireo fepetra ao amin'io andininy io .*

**TOKO XIII**

**Ovàna toy izao ny filazana ny ao anatin'io I - :  
I-"SAZY MANOKANA"**

**Andininy 06.01.29.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io:

1°) Ireo fanesorana tafahoatra ny tokony ho izy na ireo fomba mitetika ny ahazo amin'ny tsy aradàlana ny tombontsoa amin'ny famerenan-trosan-kaba, dia iharan'ny sazy mira 100 isan-jato amin'ny haba natao hosoka, izay nanaovana fanesorana na nahazoana famerenana tsy marim-pototra. Ho an'ny raharaha andoavan-kaba amin'ny tahany aotra sy ny raharaha nafahana amin'ny haba dia asiana lamandy 100 isan-jaton'ny haba amin'ny tahany 20 isan-jato voakajy ara-keviny tamin'ny fototra namerana ny fanitsiana nataon'ny Sampan-draharaha;

2°) Ny tsy fahamarinana eo amin'ny sora-bolan'ny trosan-kaba azo afindra amin'ny vanim-potoana manaraka dia asiana lamandy mira 50 isan-jaton'ny trosan-kaba voalaza nefa tsy voamarina;

3°) Ny fanesorana ny haba izay tsy voalaza mazava tao amin'ny faktiora dia andoavana, ankoatran'ny fandrotsahana ny haba nesorina tsy araka ny tokony ho izy, lamandy 100 isan-jaton'ny haba nesorina;

4°) Ny varotra tsy misy faktiora teo amin'ny samy mpandoa hetra dia andoavana lamandy mira 200 isan-jaton'ny sora-bolan'ny haba amin'ny sanda an-tsenan'ilay fanànana na ilay raharaha namidy ;

5°) Ny fanomezana faktiora tsy mifanaraka amin'ny raharaha marina dia andoavana lamandy mira 200 isan-jaton'ny vidin'ilay raharaha voalaza ao amin'ny faktiora;

6°) Ny varotra izay tsy nanomezana faktiora na koa tsy voasoratra ara-dalàna tao amin'ny boky fitanan-kaonty dia iharan'ny, ankoatran'ny fandoavana ny haba mifandraika amin'izany, lamandy 100 isan-jaton'ny sora-bolan'ny haba;

7°) Ny fanaovana faktioran'ny haba amin'ny vokatry na saikin'asa nafahana tamin'ny haba dia iharan'ny, ankoatran'ny fandoavana ny haba nanaovana faktiora, lamandy mira 50 isan-jaton'ny haba natao hosoka, izay ny fanesorana sy ny famerenana dia natao sy azo tamin'ny tsy fahamarinam-pototra;

8°) Ny mpandoa hetra izay manadino ny fanaovana faktioran'ny haba amin'ny iray na ireo vokatry tokony ho voan'ny haba dia iharan'ny, ankoatran'ny fandoavana ny haba mifandraika amin'izany, lamandy mira 50 isan-jaton'ny haba natao hosoka, izay ny fanesorana sy ny famerenana dia natao sy azo tamin'ny tsy fahamarinam-pototra;

9°) ny fandikana ireo fepetran'ny andininy 06.01.27 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia ho saзина lamandy mira Ar 2000 isaky ny faktiora tsy ara-dalàna;

Amin'ny alalan'ny famelana handingana fepetra voalazan'ny andininy 20.01.54, eo amin'ny fampiharana an'ity lohateny ity, ny sora-bolan'ny sazy novinavinaina tamin'izany dia mira 100 isan-jaton'ny haba voafaritry amin'ny zava-pantatra fototra eo ampelatanan'ny fanjakana.

Raha misy fitsivalanana amin'ny fisavan-ketra, ny lamandy dia ampiakarina 200 isan-jaton'ny famenon'ny hetra takiana na ny zava-pantatra fototra eo ampelatanan'ny fanjakana raha misy izany."

**HABA AMIN'NY FANDRAHARAHANA  
TOKO II  
SEHATRA AMPIHARANA  
SOKAJY I**

**Andininy 06.02.02.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

«Sandaina haba amin'ny fifanakalozana ny orinasa manatanteraka raharaha voan'ny haba amin'ny sanda hary izay manana vola maty isan-taona tsy misy haba mihoatry ny Ar 6 000 000 ary latsaky ny Ar 50 000 000. »

**TOKO IX**

Ovâna toy izao manaraka izao ny lohatenin'io :toko io

**« SAZY MANOKANA »**

**Andininy 06.02.18.-**

a) Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

b) Ovâna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io:

«1° Sazina lamandy Ar 20.000 :

- ny fanadinoana na tsy fahamarinana anatin'ny filazana voalazan'ny andininy 06.02.16-n'ity fehezandalàna ity .
  - ny tsy fisian'ny registra voafetra amin'ny andininy 06.02.17 etsy ambony na ny firaketana tsy manarapenitra na tsy feno io registra io, rehefa tsy ahafahana manavaka ny vola maty amerana ny haba andaniny sy ny vola maty tsy andoavana haba ny firaketana ny kaonty ankilany ;
    - 2°Ny fakana haba amin'ny vokatry sy fisahanan-draharaha tsy voan'ny haba dia mitarika fampiharana lamandy Ar 20 000 ankoatry ny fandoavana ny haba voakajy ;
    - 3°Ny fandikan-dalàna voafaritry ny andininy 06.02.20 etsy ambony dia sazina lamandy Ar 2000 isaky ny faktiora tsy ara-dalàna.
- Ho fampiharana ity lohateny ity, na dia eo aza ny voalazan'ny andininy 20.01.56, dia ferana ho Ar 20 000 ny lamandy ».

**BOKY II  
HETRAM-BONDROM-BAHOAKA  
LOHATENY I  
HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHANA  
TOKO I  
FOTOTRA**

**Andininy 10.01.01.-**

Ovâna toy izao ny rijantenin'io andininy io:

“Apetraka ny haba amin'ny asa aman-draharaha sahanina eto Madagasikara, ka ny vokany dia sokajiana araka izao: 40 isan-jato atokana ho an'ny tetibolan'ny Faritany mizaka tena, 30 isan-jato ho an'ny Faritra ary 30 isan-jato ho an'ny kaominina.”

**TOKO III**

**FOTOTRA SY FIKAJIANA NY HABA  
SOKAJY III  
HABA MIFANENTANA**

**Andininy 10.01.25.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ferana toy izao manaraka izao ny tahan'ny haba mifanentana :

- 1/10 ho an'ny anton-draharaha mahaleotena ;
- 1/15 ho an'ny varotra kilasy voalohany sy faharoa ary fahatelo ;
- 1/25 ho an'ny taozava-baventy, taozavatra sy anton-draharaha mahaleotena voasokajy kilasy voalohany ;
- 1/30 ho an'ny taozava-baventy, taozavatra, sy anton-draharaha mahaleotena voasokajy kilasy faharoa sy fahatelo ary ny varotra voasokajy kilasy faha efatra sy faha dimy ;
- 1/40 ho an'ny asa hafa, ho an'ny trano ampiasana milina ary ny efitrano sy izay miankina aminy any amin'ny fandraisam-bahiny ».

**TOKO VI  
FEPETRA SAMIHAFANA**

**Andininy 10.01.38.-**

Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

**TOKO VII**

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :  
« **SAZY MANOKANA** »

**Andininy 10.01.41.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny ny fepetra ao amin'io andininy io :

« Ny tsy fisiana na tsy fahamarinan'ny filazana voatondron'ny andininy 10.01.33 etsy ambony ankoatran'ny fandoavana ny hetra tokony naloa dia voan'ny sazy mira 200 isan-jaton'ireo hetra ireo ary tsy latsaky ny Ar 4000.

Ny fanoratana tsy an-tsitram-po amin'ny laharam-pamantaran'ny mpandoa hetra voatondron'ny andininy 20.05.02 dia manery ny mpandoa hetra handoa lamandy mira Ar 10 000 . »

**Andininy 10.01.42.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny fepetran'io andininy io :

« Ny tsy fahafahana maneho ny taratasy fanamarinana voalaza amin'ny andininy 10.01.29 etsy ambony sy ny tsy fisian'ny taratasy fanamarinana laharana faha 257 bis voalazan'ny andininy 10.01.35 dia mitarika ny fitakiana tsy misy hatak'andro ny hetra tokony naloa miaraka amin'ny lamandy 100 isan-jaton'ny haba amin'ny asa aman-draharaha. »

**Andininy 10.01.43.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny fepetran'io andininy io :

« Ny tsy mifanaraka rehetra amin'ny fepetra mikasika ny famerana sy famoriana ny haba amin'ny asa aman-draharaha dia voan'ny sazy mira 100 isan-jaton'ny hetra. »

**Andininy 10.01.44.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny ao amin'io andininy io :

« Ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 10.01.37 dia zahana ifotony ary sazina araka ny fepetra voalazan'ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka ao amin'ny fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra ary mitarika ny fampiharana ny sazy mira Ar 20.000 amin'ny mpamatsy.

Ny fandikana ny fepetra ao amin'ny andininy 10.01.39 dia ampiharana lamandy Ar 20.000 isaky ny fandikan-dalàna.

**LOHATENY II  
HETRA ALAINA AMIN'NY TANY  
TOKO VI**

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :

« **SAZY MANOKANA** »

**Andininy 10.02.10.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetran'io andininy io :

« Ho fampiharana ity lohateny ity, na eo aza ny Andininy -20.01.52, dia ferana ho Ar 10 000 ny lamandy voavinavina momba izany.

Ho fampiharana ity lohateny ity, na eo aza ny Andininy -20.01.54, dia ferana ho 50% ny hetra tsy voalao ny lamandy.»

**LOHATENY III  
HETRA AMIN'NY TRANO MIORINA**

**TOKO VI  
FIKAJIANA NY HABA**

--

**Andininy 10.03.10.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :  
«Na ahoana na ahoana, ny hetra aloa dia tsy latsaky ny Ar 1 000 isan-trano. »

**TOKO VIII**

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :  
« **SAZY MANOKANA** »

**Andininy 10.03.14.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny fepetran'io andininy io :  
« Ho fampiharana ity lohateny ity, na dia eo aza ny fepetran'ny andininy 20.01.54, dia ferana ho Ar 10 000 ny lamandy voavinavina momba izany.  
Ho fampiharana ity lohateny ity, na dia eo aza ny fepetran'ny andininy 20.01.54, dia ferana ho 50% ny hetra tsy voaloha ny sazy izay tsy mety latsaky ny Ar 10 000.  
Ny fandavana ny fidirana amin'ny toerana voalazan'ny andininy 10.03.08, andalana faha-5 sy 10.03.13 etsy ambony dia ho sazina lamandy Ar 200 000.  
Ny fandikana ny lalàna etsy ambony izay nozahana ifotony, dia enjehina ary sazina araka ny fepetry ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka ao amin'ity fehezan-dalàna ity. »

**LOHATENY IV  
HETRA FANAMPINY AMIN'NY HETRAN-TRANO  
TOKO VII**

Ovàna ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :  
« **SAZY MANOKANA** »

**LOHATENY VI  
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY  
ALIKAOLA.  
TOKO II  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
HETRA AMIN'NY FAMELANA HIVAROTRA**

**Andininy 10.06.09.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :  
« Ferana ho Ar 5000 isaky ny 24 ora ny tahan'ny hetra amin'ny famelana hivarotra amin'ny tsenabe. Aloa mialoha io hetra io. »'

**TOKO VIII**

Ovàna ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :  
« **SAZY MANOKANA** »

**Andininy 10.06.77.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :  
« Sazina lamandy Ar 1 000 isaky ny litatra tazonina na namidy ary tsy mahazo latsaky ny Ar 10 000 miaro fanagadrana iray ka hatramin'ny roa taona an-tranomaizina, ny fihazonana na ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola sokajy voalohany avy amin'ny tsy fanarahan-dalàna ankoatry ny fandidian'ny fitsarana ny fihazonana ny vokatra sy entana voageja ary ny fitehirizana misy azy ireo. »

**Andininy 10.06.78.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Sazina lamandy Ar 400 isaky ny litatra tazonina na namidy ary tsy mahazo latsaky ny Ar 4.000 miaro fanagadrana enim-bolana ka hatramin'ny iray taona,an-tranomaizina ny fihazonana na fivarotana zava-pisotro misy alikaola sokajy faharoa avy amin'ny tsy fanarahan-dal`ana ankoatry ny fandidian'ny fitsarana ny fihazonana ny vokatry sy entana voageja ary ny fitehirizana misy azy ireo. »

**Andininy 10.06.79.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Sazina lamandy Ar 20 000 ka hatramin'ny Ar 100 000 miaro fanagadrana iray ka hatramin'ny roa taona an-tranomaizina, ny fivarotana na fihazonana zava-pisotro misy alikaola izay nampidirana alikaola novan-toetra ny fanamboarana azy ireo. »

**Andininy 10.06.80.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :

« Na dia eo aza ny fepetra manokana voalazan'ny andininy 10.06.77 hatramin'ny 10.06.79 dia sazina lamandy Ar 40 000 : »

**Andininy 10.06.81.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny a-andalana voalohany, ny b-andalana voalohany, ary ny c-andalana voalohany amin'io andininy io :

« a-Lamandy Ar 40 000 : »

...

« b-Lamandy Ar 40 000 : »

...

« c-Lamandy Ar 2 000 : »

...

**Andininy 10.06.82.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 10.06.06 dia sazina lamandy Ar 40 000. »

**Andininy 10.06.83.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy voalohany amin'io andininy io :

« Ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 10.06.22 hatramin'ny 10.06.25 dia sazina lamandy Ar 40 000, miaro fanagadrana iray ka hatramin'ny enim-bolana an-tranomaizina na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany. »

**Andininy 10.06.85.-**

Ov`ana toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny fandikana ny fepetra voalazan'ity lohateny ity ankoatra ireo izay efa voasazy etsy ambony sy ny fandikana ireo rijanteny momba ny didy amam-pitsipika noraisina ho fampiharana azy ireo dia sazina lamandy Ar 40 000 miaro fanagadrana iray ka hatramin'ny enim-bolana an-tranomaizina na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany. »

**LOHATENY VII  
FITSIPIKA ARA-KETRA MOMBA NY FILOKANA  
TOKO II  
HABA ISAN-TAONA ALOA AMIN'NY MILINA FILOKANA MANDEHA HO AZY**

**Andininy 10.07.02.-**

- a)Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :  
« Sandaina haba isan-taona ny milina filokana mandeha ho azy izay ferana toy izao manaraka izao ny zarany :  
- milina antsoina hoe :  
milina filokana ... : Ar 400 000 isaky ny milina  
- milina hafa... : Ar 100 000 isaky ny milina »  
b)Foronina ny andalana faha-3 amin'ny andininy 10.07.02 izay mirafitra toy izao manaraka izao :  
« Ho amin'ny taona manaraka, ny haba isan-taona alaina amin'ny sanda feno dia tsy maintsy aloa alohan'ny 31 janoary ny taona fandoavan-ketra. »

**TOKO III  
FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA AZO AMIN'NY FILOKANA**

**Andininy 10.07.03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny ao anatin'ny andalana voalohany sy faharoa ary fahatelon'io andininy io :

- ...  
- « Isaky ny ampaham-bola miditra isan-taona :  
- Hatramin'ny Ar 2 000 000 : 10 isan-jato  
- Ar 2 000 000,20 hatramin'ny Ar 6 000 000 : 20 isan-jato  
- Ar 6 000 000,20 hatramin'ny Ar 12 000 000 : 40 isan-jato  
- Ar 12 000 000,20 hatramin'ny Ar 20 000 000 : 50 isan-jato  
- Mihoatra ny Ar 2 000 000 : 60 isan-jato. »  
...  
- « Isaky ny ampaham-bola miditra isan-taona :  
- Hatramin'ny Ar 2 000 000 : 5 isan-jato  
- Ar 2 000 000,20 hatramin'ny Ar 6 000 000 : 10 isan-jato  
- Ar 6 000 000,20 hatramin'ny Ar 12 000 000 : 15 isan-jato  
- Ar 12 000 000,20 hatramin'ny Ar 18 000 000 : 20 isan-jato.  
- Ar 18 000 000,20 hatramin'ny Ar 24 000 000 : 25 isan-jato  
- Ar 24 000 000,20 hatramin'ny Ar 30 000 000 : 30 isan-jato  
- Mihoatra ny Ar 30 000 000 : 40 isan-jato. »

« Ny vokatry ny fakana mialoha dia atokana ho an'ny teti-bolan'ny kaominina itoeran'ny fitrandrahana. »

**Andininy 10.07.06.-**

- a)Ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io, ovàna ny vondron-teny « vanim-potoana folo andro » ho « isam-bolana ».  
b)Ao amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io, ovàna ny vondron-teny «vanim-potoana folo andro lasa » ho « vanim-potoana iray volana lasa » ary ny vondron-teny « vanim-potoana folo andro » ho « isam-bolana ».

Foanana ny :

« TOKO IV »

Foanana ny lohatenin'io toko io.

**Andininy 10.07.07.-**

Foanana ny fepetran'io andininy io.

**BOKY III**  
**FEPETRA IOMBONANA MIKASIKA NY HETRA, HABA, SARA AMIN'NY VOKATRA VOARAKITRA AO**  
**AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY**  
**LOHATENY I**  
**FAMORIAN-KETRA**  
**TOKO I**  
**FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**  
**SOKAJY III**  
**TOMBOTSOA MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**

**Andininy 20.01.14.-**

Ovàna ho "Ar 30.000.000" ny vondron-teny "150.000.000 fmg" ao amin'ny paragrafy 4° amin'io andininy io.

**TOKO II**  
**FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAH**  
**MIANDRAIKITRA NY HETRA**  
**SOKAJY I**  
**FOTO-KEVITRA**

**Andininy 20.01.40.-**

Foronina ary arafitra toy izao manaraka izao ny andalana 6° ao amin'io andininy io :

« Raha toa ka mifanindry amin'ny faran'ny herinandro na andro tsy fiasana ny fetrandro voalazan'ny fehezan-dalàna hanatanterahana ny adidy dia alavaina ny paikandro hatramin'ny andro fiasana voalohany manaraka. »

**SOKAJY II**  
**FANDOAVANA NY HETRA**  
**IBS - IRNS**  
**A- AMPAHAM-BOLA NAROTSAKA MIALOHA**

**Andininy 20.01.41**

Foanana ny andalana faha-2 amin'io andininy io

**Andininy 20.01.49.-**

Ovàna ho "Ar 5.000" ny vondron-teny "25.000 fmg" ao amin'ny andalana 5°amin'io andininy io.

**Andininy 20.01.50.**

Amin'ny faran'ity andininy ity, foronina ary arafitra toy izao manaraka izao :

« **TOKO III** »

Foronina ary mirafitra toy izao ny lohatenin'io toko io :

« **SAZY SY LAMANDY** »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY I** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **FEPETRA ANKAPOBE** »

**Andininy 20.01.51.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ity andininy ity :

« Miankina amin'ny fanomezan-dalana handika fepetra maminavina sazy sy lamandy manokana ampiharina amin'ny fandikan-dalàna voalaza ao anatin'ity fehezan-dalàna ity, ny sazy sy lamandy voavinavina amin'ity toko ity no manasazy ny fandikàna ny fepetran'ity fehezan-dalàna ity.»

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao :

« **SOKAJY II** »

Foronina ary mirafitra toy izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **TSY FAMETRAHANA FILAZANA** »



**Andininy 20.01.52.-**

Foronina ary mirafitra toy izao io andininy io :

« Ny tsy fametrahana filazana ny vola miditra, sara na haba-panoratana, ny vola miditra na raharaha andoavana haba na ny vola rehetra tokony naloa araka ny fitsingerenan'ny fe-potoana na ny fametrahana ny filazana takiana noho ny fivarotana na fijanonana tanteraka na ampahany amin'ny asan'ny orinasa na noho ny famindrana amin'ny olona voalazan'ny andinin'ny 01.05.02 ny fehezan-dalàna ao anatin'ny fe-potoana voatondro, dia voan'ny sazy Ar 200.000.

Ampiharina toy izany koa ny sazy Ar 200.000 ny tsy fametrahana ny antontan-taratasy, taratasy antoratra, taratasin'ny kaonty na hafa izay ny fametrahana azy tsy maintsy hatao araka ny fehezan-dalàna ao anatin'ny fe-potoana voatondro. »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY III** »

Foronina ary mirafitra toy izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **SAZY AMIN'NY FAHATARANA NY FANDOAVANA,  
NY FANDROTSAHANA ARY FANORATANA** »

**Andininy 20.01.53.**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Ny fahatarana ny fanoratana amin'ny bokim-panajakana ny taratasy na fanekena, ny fandoavana ny hetra rehetra, haba sy hetra na ny vola hafa tsy maintsy aloa ao amin'ny faritra iadidiana na ny fandrotsahana ny vola rehetra notanan'ny olona voatendry hanao izany, dia iharan'ny lamandy 5 isan-jato ny vola tokony aloa isaky ny volana tara nefa tsy tokony hihoatra ny 100 isan-jato na ho latsaky ny Ar 1.000".

Ny ampaham-bolana voahitsaka iray dia heverina ho iray volana feno. »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY IV** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **LAMANDY AMIN'NY TSY FAHAMPIANA, TSY FAHAMARINANA,  
FANADINOANA NA FAMPIHENANA** »

**Andininy 20.01.54.-**

Foronina ary mirafitra toy izao io andininy io :

« Ny tsy fahampiana, tsy fahamarinana, fanadinoana, fampihenana na fahadisoana rehetra hita tao amin'ny filazana isaky ny fe-potoana na momba ny antony manokana mba hamerana ny hetra sy haba dia handoavana lamandy mira 25 isan-jato ny famenon'ny hetra tsy maintsy aloa .

Raha toa ka mamitaka na manohitra ny fisavana ara-ketra, ka tsy manohitohina ny fepetra manokana voalazan'ity fehezan-dalàna ity, ny lamandy amin'izany dia mahatratra 100 isan-jato ny famenon'ny hetra tsy maintsy aloa na ny fototra eo am-pelatanan'ny sampandraharaha, raha ilaina izany. Ny olona rehetra miray tetika amin'ny famitahana toy izany dia miara-miombonantoka amin'ny fandoavana io lamandy io. »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY V** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **LAMANDY AMIN'NY FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA  
TSY MISY FIERANA** »

**Andininy 20.01.55.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Ny mpandoa hetra takiana haba noho ny toe-piainany na ampiharana ny fameran-ketra na fanitsiana tsy misy fierana noho ny antony voalaza ao amin'ny lohateny faha III ny boky faha III ny fehezan-dalàna, dia sazina, ankoatra ny fandoavana ny hetra, lamandy mira 25 isan-jato ny hetra tsy maintsy aloa ».

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY VI** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **FANDIKAN-DALANA Hafa** »

**Andininy 20.01.56.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Ny fandikana ny fepetra araka ny didy aman-dalàna noraisina ho fampiharana ity fehezan-dalàna ity, kanefa tsy voavinavina any an-kafa, dia sazina lamandy Ar 200.000. »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **TOKO IV** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io toko io :

« **ZANA-BOLA** »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY VOALOHANY** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **FEPETRA ANKAPOBE** »

**Andininy 20.01.57.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Na dia eo aza ny fepetra rehetra milaza ny sazy sy ny lamandy ao amin'ny fehezan-dalàna, ny zana-bola dia kajiana amin'ny tontalin'ny renivola izay tsy narotsaka, na inona na inona antony, manomboka ny ampitso ny fetrandro ka hatramin'ny andro handoavana azy.

Ny zana-bola izay voakajy dia ampiharina isam-bolana amin'ny renivola miampy ny zana-bola.

Ny fomba fampiharana ny sandan'ny zana-bola voalaza dia feran'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny didy amam-pitsipika momba ny hetra. »

Foronina ary mirafitra toy izao :

« **SOKAJY II** »

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

« **ZANA-BOLA NOHO NY FAHATARAN'NY FANDOAVANA,  
NOHO NY TSY NIHAZONANA NY TOTALIN'NY SORA-BOLA  
ARY AMIN'NY TOTALIN'NY VOLA NOTANANA NEFA TSY NAROTSAKA** »

**Andininy 20.01.58.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Ny zana-bola dia kajiana amin'ny fotoana voatondro amin'ny ambin'ny tambatry ny hetra, hetra na haba tsy maintsy naloa tamin'ny datin' ny fetrandro amin'ny tambatry ny hetra, na haba tokony narotsaka tamin'io fotoana io. »

**Andininy 20.01.59.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

« Ny tsy fanatanterahana ny fitazonan-ketra any ampotony araka ny fepetran'ny fehezan-dalàna dia mitarika fandoavana zana-bola kajiana amin'ny tambatry ny vola tsy notazonina manomboka ny ampitso ny andro tokony nanaovana azy ka hatramin'ny andro handrotsahana azy tokoa. »

**Andininy 20.01.60.-**

Foronina ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

“Ny tsy fandrotsahana ny hetra nalaina tany ampotony tao anatin'ny fe-potoana sy ny fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity na fitsipika mifehy izany dia miteraka fandoavana zana-bola kajiana amin'io sora-bola io mandritra ny vanimpotoana miainga ny ampitson'ny fetrandro voatondro hatramin'ny fandoavana azy tanteraka.”

**LOHATENY II  
FIFANOLANANA ARA-KETRA  
TOKO V  
SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA  
SOKAJY VII  
FANDAVANA FANATANTERAHANA**

**Andininy 20.02.35.-**

Ovàna ho "Ar 40.000" ny vondron-teny "200.000 fmg" ao amin'ny andalana 3° n'io andininy io.

**Andininy 20.02.101.-**

Ovàna ho "Ar 10.000 hatramin'ny Ar 100.000" ny vondron-teny "50.000 fmg hatramin'ny 500.000 fmg" ao amin'ny andalana 1° n'io andininy io.

**LOHATENY III  
FOMBA FAMERANA NY HETRA  
FEPETRA IOMBONANA**

**Ovàna toy izao ny lohatenin'io I io.**

**«I- FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA »**

**A- TSY FANAOVANA NA FAHATARANA AMIN'NY FAMETRAHANA NY FILAZANA**

**Andininy 20.03.02.-**

Ovàna ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

"Ankoatra ny fampiharana ny fepetran'ny andininy 20.03.03 manaraka etsy ambany, dia ferana na ahitsy tsy misy fierana :

1. Ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny mitovy aminy ho an'ny olona :
  - izay tsy maneho filazana araka ny fepetra sy ny fe-potoana voalazan'ny fehezan-dalàna
  - izay tsy manome ao anatin'ny fe-potoana raikitra ny fanamarinana na ny fanazavana takian'ny tompon'andraikitra ny famerana ny hetra
  - izay tsy mitana ny firaketana ny kaonty ara-dalàna na antontan-taratasy, raha toa ka voatery hitana izany araka ny fepetra ny fehezan-dalàna na ny firaketana ny kaonty hahitana tsy fanarahan-dalàna lehibe ary miverimberina izay manaporofa an-karihary ny tsy fisian'ny fahamarinana, na ny tsy naneken'ny fanjakana ny fahamarinan'ny firaketana ny kaonty
2. Ny haba amin'ny vola maty, ho an'ny olona sy orinasa izay tsy nametraka tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna ny filazana izay tokony nataony amin'ny maha mpandoa hetra azy ireo izay hafahana amin'ny fandoavana ny haba rehefa mividy na mivarotra tsy misy faktiora, amin'ny fampiasana na fanomezana faktiora na antontan-taratasy tsy mifanaraka amin'ny asa tena atao, na amin'ny fanadinoana manoratra ny vola ao amin'ny boky fitantanana na manoratra zavatra diso na fonin'ny saina ao amin'ny antontan-taratasim-bola na izay tsy mitana kaontim-bola ara-dalàna rehefa voatery mitana izany araka ny fepetra ny fehezan-dalàna, na ny kaontim-bola hahitana tsy fanarahan-dalàna lehibe sy miverimberina izay manaporofa an-karihary ny tsy fisian'ny fahamarinana.
3. Ny sara-panoratana sy ny haba mitovy aminy, ny olona izay tsy nametraka filazana na izay tsy nampiseho ny taratasy araka ny fepetra fanoratana ao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna.
4. Ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana sy ny mitovy aminy, ny olona izay tsy nametraka tao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna ny filazana ny vokatry voan'ny hetra.

**Andininy 20.03.03.-**

Ovàna ary mirafitra toy izao ny andalana 1° amin'io andininy io :

"Ny fomba arahina amin'ny fameran-ketra tsy misy fierana dia manomboka raha toa ny mpandoa hetra tsy mandamina ara-dalàna ny toe-draharahany ao anatin'ny dimy aminifolo andro nandraisana ny fampahafantarana tamin'ny taratasy tsy very mandeha na fax ny antso fampitandremana, filazana fampahatsiahivana, na filazana mahasolo an'izany."

**II- FANOMBANANA TSY MISY FIERANA**

**Andininy 20.03.06.-**

Foanana ny vondron-teny "ankoatra ny fampiharana ny fepetra volazan'ny andininy 06.01.28 etsy aoriana" ao amin'ny andalana 1° amin'io andininy io.

**Andininy 20.03.07.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

"Ny fanombanana dia apetraka araka ny zavatra eo am-pelatanan'ny sampandraharaha na raha tsy misy foto-pototra ampy dia oharina amin'ny fototra amerana ny hetran'ny orinasa mitovy aminy."

**III- FOMBAFOMBA**

**Andininy 20.03.08.-**

Ovàna ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

"Ny antony anaovana ny fameran-ketra tsy misy fierana sy ny fototra na ny zavatra entina hikajiana ny hetra dia ampahafantarina ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny fampandrenesana an-taratasy tsy very mandeha na fax."

**Andininy 20.03.09.-**

Ovàna ary mirafitra toy izao manaraka izao io andininy io :

"Ny mpandoa hetra ampiharana fameran-ketra tsy misy fierana dia mitana ny zo hanao fitarainana ao anatin'ny teloplo andro aorian'ny nahazoana ny fampandrenesana ary mitondra ny porofo maha diso tafahoatra ny totalin'ny hetra notazomina. Io fe-potoana io dia valo andro raha ny amin'ny TVA."

**LOHATENY V  
LAHARAM-PAMANTARANA NY MPANDOA HETRA  
SAZY**

**Andininy 20.05.06.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy voalohany amin'io andininy io :

...

«1°) lamandy Ar 10 000 isaky ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy 20-05-03 sy 20-05-04 etsy ambony sy ny fanoratana tsy an-kiera amin'ny laharam-pamantarana ny mpandoa hetra ; »

**FEPETRA SAMIHAFANA**

**Andininy 20.05.08.-**

a)afindra any amin'ny 20-05-09 ny fepetran'io andininy io.

b)foronina ary arafitra toy izao ny fepetra ao amin'io andininy io :

« Ny mpandoa hetra rehetra dia tsy maintsy mampilaza ny fandraharahana ny hetra ny amin'ny fiovàn'ny toetoetra ara-ketra, indrindra, nefa tsy voafetra, ny fiovana adiresy, ny toe-pianakaviana (ankohonana) na ny fanambadiana sy ny fiovana rehetra amin'ny asa fihariana.

Ny fanovana rehetra amin'ny fomba famerana ny hetra na ny fe-potoana fandrotsahana ny vola rehetra izay haloa any amin'ny tahirim-bolam-panjakana anefa dia tsy maintsy hanaovan'ny mpandoa hetra fangatahana alalana. Ny fanapahan-kevitra dia avoakan'ny fandraharahana ara-ketra aorian'ny famakafakana ny fangatahana

Foronina ny andininy 20.05.09 nisy ireo fepetra taloha tao amin'ny andininy 20-05-08 izay mirafitra toy izao:

**“Andininy 20.05.09.”**

"Didim-pitondrana avoakan'ny ministra misahana ny didy amam-pitsipika momban'ny hetra no mametraka, raha toa ka ilaina, ny fomba fampiharana ny fepetra ao anatin'ity toko ity"

**LOHATENY VI  
FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON'NY ASA  
SOKAJY I  
FAHEFANA MITAKY**

**Andininy 20.06.07.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao anatin'io andininy io :

...

« 200 000 hatramin'ny 1.000 000 FMG » ho « Ar 40 000 hatramin'ny Ar 200 000 »

...

« 20 000 hatramin'ny 100 000 FMG » ho « Ar 4 000 hatramin'ny Ar 20 000 »

**SOKAJY III  
ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA NA  
FIKAMBANANA MANDOA VOLA IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 20.06.13.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao anatin'io andininy io :

« 3 000 Ariary (15 000 FMG) » ho « Ar 3 000 ».

**Andininy 20.06.14.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao anatin'io andininy io :

- « 1 hatramin'ny 5 isan-jato » ho « 5 hatramin'ny 25 isan-jato »...
- « 5 000 Ariary (25 000 FMG) » ho « Ar 5 000 »...

**SOKAJY IV**

**ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVATRA, MPIVAROTRA SY MPANAO ASA-TANANA**

**Andininy 20.06.15.-**

Foanana ny vondron-teny « ho an'ny olon-tsotra » ao anatin'ny andalana voalohany amin'io andininy io.

**Andininy 20.06.16.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao anatin'io andininy io :

« 5 000 Ariary (25 000 FMG) » ho « Ar 5 000 . »...

**SOKAJY V**

**ANDRAIKITRY NY MANAMAHAY MOMBA NY KAONTY, MPITANA KAONTY NAKANTOVIANA SY MITOVY AMINY**

**Andininy 20.06.19.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny vondron-teny ao amin'ny andalana faharoa anatin'io andininy io :

...  
« 10 000 Ariary (50 000 FMG) ho « Ar 10 000 ».

**LISITRY NY VOKATRA AFAHANA AMIN'NY TVA**

Lalàna N°2000-24 tamin'ny 05/01/01 mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana 2001

JORM N° 2683 tamin'ny 12/01/01

**IV FANAFOANANA Hafa**

Araka ny voalazan'ny andininy faha 06.01.06 ao amin'ny fehezana-dalàna ankapobe momba ny hetra andalana 11°, 12°, 13°

Fenoina toy izao manaraka izao ny lisitry ny vokatra afahana amin'ny TVA :

SANDA LAHARANA	FILAZANA NY VOKATRA
....	....
06.02	Boutures industrielles de mûriers à soie
...	....

**BOKY II**

**HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**

**LOHATENY I**

**HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAH**

Ny tabilao "B" atovana amin'ity Lohateny ity dia ovaina sy ampiana toy izao :

TABLEAU B

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Modifier " Accumulateurs ( Réparateur et chargeur d' ) : - occupant plus de 10 salariés .....	21	" Accumulateurs ( Réparateur et chargeur d' ) : - occupant plus de 10 salariés - occupant 6 à 10 salariés .	PS PS	4 <sup>ème</sup> 5 <sup>ème</sup> 6 <sup>ème</sup>			

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
- occupant 6 à 10 salariés ..... - occupant 2 à 5 salariés ..... - occupant 5 salariés au plus".....par :		- occupant 5 salariés au plus ."	PS				
Créer :	"72	Appareils (loueur de) musique, postes radio, télévision, chaînes, etc.: Plus de 15 appareils -puissance + 2000 watts..... -11 à 15 app. - 1001 à 2000 Watts.. -6 à 10 app. - 501 à 1000 Watts.... -5 app au plus de 1 à 500 Watts.....	PS PS PS PS	3 <sup>ème</sup> 4 <sup>ème</sup> 5 <sup>ème</sup> 6 <sup>ème</sup> "			
Créer :	"142	Appui en matière de sécurisation foncière (Voir Architecte)"					
Modifier "Assurances ( Entreprise d') : - occupant 15 salariés et plus -C-1 <sup>re</sup> cl-1 <sup>re</sup> -DE - occupant 10 à 14 salariés-C-2 <sup>e</sup> cl-1 <sup>re</sup> -DE - occupant moins de 10 salariés -2 <sup>e</sup> cl-DE" par :	231	" Assurances ( Entreprise d') : - occupant 15 salariés et plus ..... - occupant 10 à 14 salariés ..... - occupant moins de 10 salariés ...	PS PS PS	1 <sup>ère</sup> 2 <sup>ème</sup> 3 <sup>ème</sup> "	1 <sup>re</sup> 1 <sup>re</sup>		
Modifier " Beurre, fromage, yaourt (Fabricant de) : - occupant plus de 10 salariés -M-2 <sup>e</sup> cl- 1 <sup>re</sup> - occupant 6 à 10 salariés -M-5 <sup>e</sup> cl - occupant 2 à 5 salariés -M-6 <sup>e</sup> cl - occupant 1 salarié au plusM-7 <sup>e</sup> cl" par :	421	" Beurre, fromage, yaourt, huiles, savon (Fabricant d') : - avec procédé mécanique : - occupant plus de 50 salariés .... - occupant 36 à 50 salariés ..... - occupant 21 à 35 salariés ..... - occupant 11 à 20 salariés ..... - occupant 6 à 10 salariés ..... - occupant 5 salariés au plus .....	         	1 <sup>ère</sup> 2 <sup>ème</sup> 3 <sup>ème</sup> 4 <sup>ème</sup> 5 <sup>ème</sup> 6 <sup>ème</sup>	1 <sup>re</sup> 1 <sup>re</sup> 1 <sup>re</sup> , "		
Créer :	"422	" Beurre, fromage, yaourt - sans procédé mécanique.....	M	6 <sup>ème</sup>			
Modifier " Bijoux (fabricant et réparateur de): - Occupant 1 salarié au plus M -6 <sup>o</sup> cl - sans établissement fixe - M - 7 <sup>o</sup> cl" par :	471	Bijoux (fabricant et réparateur de) : - Occupant plus de 10 salariés ... - Occupant 6 à 10 salariés ..... - Occupant 2 à 5 salariés ..... - Occupant 1 salarié au plus ou sans établissement fixe .....	M M M M	2 <sup>ème</sup> 3 <sup>ème</sup> 5 <sup>ème</sup> 6 <sup>ème</sup>			

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Modifier : "Bois (Entrepreneur du travail du), carrossier, charpentier de marine, charron , ébéniste, matelassier, menuisier, tourneur, tapissier, brossier, exploitant de scierie, fabricant de pirogue : ..... - occupant 2 à 5 salariés .....1...6 <sup>ème</sup> - occupant 1 salarié au plus ..1..7 <sup>ème</sup> " par :	501	'Bois (Entrepreneur du travail du), carrossier, charpentier de marine, charron , ébéniste, matelassier, menuisier, tourneur, tapissier, brossier, exploitant de scierie, fabricant de pirogue" :  Occupant 5 salariés au plus .....	I	6 <sup>ème</sup>			
Modifier "Briquet, (Réparateur et chargeur de): PS - 7° cl." par :	735	"Briquet, (Réparateur et chargeur de)	PS	6 <sup>ème</sup>			
Modifier "Brocanteur sans emplacement fixe - C - 7° cl." par :	761	Brocanteur sans emplacement fixe	C	6 <sup>ème</sup>			
Modifier "Broderies ou dentelles (fabricant de) M - 7° cl." par :	771	Broderies ou dentelles (fabricant de)	C	6 <sup>ème</sup>			
Créer :	"975	Chambre d'hote	PS	4 <sup>ème</sup>			
Modifier	1341	Collecteur : c. Collecteur salarié : Tout commerçant ou industriel employant des collecteurs salariés régulièrement déclarés à l'Inspection du Travail et à la CNaPS est assujetti, pour chaque collecteur, en sus de sa taxe d'établissement, à un droit fixe égal à celui de la 5e classe (1re catégorie de population) à l'exclusion de tout droit proportionnel .  Cette disposition n'est pas applicable aux collectes portant sur des bestiaux .					
		b. Collecteur travaillant pour le compte d'un commerçant ou d'un industriel, mais ne remplissant pas les conditions requises pour être un collecteur salarié, et dont la collecte porte sur un ou plusieurs des produits suivants : vanille, café, poivre, girofle, raphia, peau, arachides, cacao, cannes à sucre, plantes à parfum, tabac .....	C	4e	"1 <sup>re</sup> "	"DE'	-





	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Modifier : "Couturier, modiste, tailleur, chemisier, : - occupant 1 salarié au plus PS - 7°cl - sans salarié et sans emplacement fixe PS - 8° cl " par :	1531	Couturier, modiste, tailleur, chemisier, "- occupant 2 salariés au plus .....	PS	6 <sup>è</sup> ,"			
Modifier : "Couturier, modiste, tailleur, chemisier, : - Travaillant sur des matières leur appartenant et ne vendant que les produits de leur travail : ..... - sans salarié - M – 7e - sans salarié et ne vendant que les jours de marché -M- 8e" par :	1541	Couturier, modiste, tailleur, chemisier, : - Travaillant sur des matières leur appartenant et ne vendant que les produits de leur travail : " - occupant 1 à 2 salariés ou ne vendant que les jours de marché	M	6 <sup>è</sup> "			
Cuir et matières similaires (fabricant d'objet en): .... Modifier : "occupant 2 à 5 salariés - I - 6° cl. occupant 1 salarié au plus - I - 7° cl."	1556	Cuir et matières similaires (fabricant d'objet en):  Par : "occupant 5 salariés au plus	I	6 <sup>ème</sup> , ,			
Eaux, limonades gazeuses et jus de fruits, thé, café à consommer sur place (marchand de): Modifier : "ne tenant pas de salon - C - 7° cl."	1801	Eaux, limonades gazeuses et jus de fruits, thé, café à consommer sur place (marchand de): par : "ne tenant pas de salon	C	6 <sup>è</sup> ,"			
Créer :	"1925	Engins (loueur d':)compacteur,cylindre,pèle mécanique,... Louant plusieurs enginsne louant qu'un seul engin	PS PS	1 <sup>re</sup> 3 <sup>è</sup> ,"			

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Fers et autres métaux (entrepreneur de carrossier, fer blantier, forgeron, émailleur, maréchal, ferrant, mécanicien, nickleur, soudeur, serrurier, tôlier, zingueur) .... Modifier : "sans salarié et ambulant - 8° cl." par :		Fers et autres métaux (entrepreneur de carrossier, fer blantier, forgeron, émailleur, maréchal, ferrant, mécanicien, nickleur, soudeur, serrurier, tôlier, zingueur) .... "occupant 5 salariés au plus ou ambulant-°cl-	I	6 <sup>ème</sup> ,			
Filature et tissage (entrepreneur de:) .... "Occupant 1 salarié - I - 7° cl. Sans salarié et ambulant - I - 8° cl." par :	2141	Filature et tissage (entrepreneur de): ( sans changement ) "Occupant 1 à 10 salariés sans salarié ou ambulant	I I	5 <sup>è</sup> 6 <sup>è</sup> ,			
Créer	"2152	Film (producteur de:)	M	4 <sup>è</sup> ,			
Modifier "Fleuriste sans boutique - C - 8° cl." par :	2181	"Fleuriste sans boutique	C	6 <sup>è</sup> ,			
Créer :	"2315	Parking(loueur de): Occupant plus de 10 salariés Occupant 6 à 10 salariés Occupant 5 salariés au plus	PS PS PS	2 <sup>è</sup> 4 <sup>è</sup> 5 <sup>è</sup> ,			
Guérisseur et assimilé Modifier "PS – 7° cl." par :	2451	Guérisseur et assimilé	PS	"6 <sup>è</sup> ,			
Huiles et savons (Fabricant d') ..... Sans procédé mécanique Modifier : " - M - 7° cl." par :	2531	Huiles et savons (Fabricant d') ..... Sans procédé mécanique	M	"6 <sup>è</sup> e,			
Immobilier (agent) Modifier "C" par :	2571	Immobilier (agent)	"P S"				
Créer :	"2575	Importateur grossiste	C	1 <sup>ère</sup>	1 <sup>re</sup> ,		
Créer :	"2725	- Linceul (vendeur de ) : - avec boutique - sans boutique - sans emplacement fixe	C C C	5 <sup>è</sup> 6 <sup>è</sup> 6 <sup>è</sup> ,			
Livres d'occasion (marchand de:)- Modifier : "C- 7°cl"par :	2741	Livres d'occasion (marchand de:)-	C	"6 <sup>è</sup> ,			
Marchand forain (celui qui vend dans ou en dehors de l'agglomération de sa résidence avec ou sans place fixe): au détail dans tout le territoire Modifier : "C-4°cl-1°cat-DE" par : ....	2882	Marchand forain (celui qui vend dans ou en dehors de l'agglomération de sa résidence avec ou sans place fixe): au détail dans tout le territoire ..... ....	C	"3 <sup>è</sup> ,			

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Créer :	"2998	Matrone (nouveau)	PS	6 <sup>è</sup> ,"			
Créer :	"3033	Médicament vétérinaire et produit biologique vétérinaire (marchand de:)	C	5 <sup>e</sup> "			
Menus comestibles (marchand de) beignets, bonbons, cacahuètes, crèmes et glaces aromatisées... Modifier : "avec boutique ou en étalage-6°cl Sans boutique- C - 7° cl" par :	3051	Menus comestible (marchand de) .... avec boutique ou en étalage °cl Sans boutique- C - ° classe	C	"6 <sup>è</sup> 7 <sup>è</sup> ,"			
Mines (exploitant de:) Modifier : "Occupant plus de 50 salariés - M - 1° cl. Occupant 36 à 50 salariés - M - 2° cl. Occupant 21 à 35 salariés - M - 3° cl. Occupant 11 à 20 salariés - M - 4° cl. Occupant 6 à 10 salariés - M - 5° cl. Occupant 5 salariés au plus-M-6°cl" Par :	3117	Mines (exploitant de:) "I: Avec procédé mécanique Occupant 50 salariés au plus Occupant 21 à 50 salariés occupant 20 salariés au plus II: Sans procédé mécanique Occupant plus de 50 salariés Occupant 36 à 50 salariés Occupant 21 à 35 salariés Occupant 11 à 20 salariés Occupant 10 salariés au plus	I I I  M M M M M	1 <sup>re</sup> 2 <sup>ème</sup> 3 <sup>ème</sup>  1 <sup>re</sup> 2 <sup>ème</sup> 3 <sup>ème</sup> 4 <sup>ème</sup> 5 <sup>ème</sup> ,			
Nouveautés (marchand de) lingerie,articles de modes,bonneterie,objets d'art, parfumeries, articles de toilette Modifier : "en gros (voir marchandises générales) C 1 <sup>re</sup> ," par :	3251	Nouveautés (marchand de) lingerie,articles de modes,bonneterie,objets d'art, parfumeries, articles de toilette "en gros"	C	1 <sup>re</sup>			
Créer :	"3365	Loueur de Parking	PS	6 <sup>ème</sup> ,			
Poissons secs ou salés (marchand de) Modifier : "- en gros .C 5 <sup>e</sup> ,"	3771	Poissons secs ou salés (marchand de) Modifier : "- en gros	C	"4 <sup>è</sup> ,"			
Modifier : "Télex,fax,minitel ,internet et assimilés (exploitant une entreprise de télécommunication par)" par :	4429	"Télex, fax, minitel, cybercafé, internet et assimilés (exploitant une entreprise de télécommunication par)"					
Créer	4505	Traiteur (service)	PS	5 <sup>è</sup> ,"			

	N° d'ordre	PROFESSIONS, INDUSTRIES, METIERS COMMERCES, PRESTATIONS DE SERVICE	NATURE	CLASSE	Catégorie de Population	Droit entier	N° d'ordre des activités cumulables
Transport(loueur d'engins de) à l'exclusion des automobiles, embarcations et aéronef : Modifier : "louant plusieurs véhicules-PS-7°cl-DE ne louant qu'un seul véhicule-PS-8°cl-DE"	4521	Transport (loueur d'engins de) à l'exclusion des automobiles, embarcations et aéronef : louant plusieurs véhicules ne louant qu'un seul véhicule	PS PS	"5 <sup>e</sup> 6 <sup>e</sup> "		DE DE	

## Andininy 2

### FADINTSERANANA

#### **I. Ny Fehezan-dalàna momba ny fadin-tseranana dia ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao :**

**Andininy 08.-** Foanana

**Andininy 09.-** Foanana

**Andininy 34 :** “**And- 34.- 3°:** Foanana”

-----Ny sisa tsy misy fiovana-----

#### **Andininy -53.**

1) Tsy hoe :

"**And. -53 :1°:** Afa-tsy raha misy fe-potoana noferan'ny rijanteny ara-dalàna tsy mihoatry ny valo amby efapolo ora ao anatin'ny efatra amby roapolo ora nahatongavan'ny sambo teo an-tseranana, ny kapitenin-tsambo dia tsy maintsy mametraka ao amin' ny biraon'ny fadintseranana...."

Fa vakio hoe :

"**And. -53 :1°:** Afa-tsy raha misy fe-potoana noferan'ny rijanteny ara-dalàna, ny mpampiasa ny sambo, misolo tena ny kapitenin-tsambo ety an-tanety, dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana, ao anatin'ny folo andro mialoha ny hahatongavan'ny sambo :...."

-----Ny sisa tsy misy fiovana-----

2) Aorian'ny paragrafy 3°, ampio ny paragrafy 4° vaovao manaraka izao :

"**And. -53 .-4°** Ny filazalazana marina momba ny entana dia azo ihany koa ankoatra izany ampahafantarina ny Fitondran-draharaha momba ny fadintseranana amin'ny alalan'ny ordinateur na amin'ny alalan'ny elektronika mialoha ny fahatongavan'ny sambo noho ny antony ilàna izany eo amin'ny varotra iraisam-pirenena ary tsy maintsy harenina izany araka ny fepetra voalaza etsy ambony amin'izao andininy izao."

-----Ny sisa tsy misy fiovana-----

#### **Andininy -55 :**

Tsy hoe :

"**And. -55.-**Ny mpifehy ny sambo ao amin'ny sambo tantanan'ny miaramila dia tsy maintsy mameno eo am-pidirana ny fombafomba rehetra tsy maintsy arahin'ny kapitenin'ny sambom-barotra."

Fa vakio hoe :

"**And. -55.-**Ny mpifehy ny sambo ao amin'ny sambo tantanan'ny miaramila dia tsy maintsy mameno eo am-pidirana ny fombafomba rehetra izay tsy maintsy fenoin'ny kapitenin'ny sambom-barotra afa-tsy ny fametrahana mialoha ny filazalazana momba ny entana."

#### **Andininy -62.**

Aorian'ny paragrafy 2°, ampio paragrafy 3° vaovao manaraka izao :

"**And. -62.-3°** Ny filazalazana momba ny entana dia azo alefa ankoatra izany any amin'ny Fitondran-draharahan'ny fadintseranana amin'ny alalan'ny fomba telematika na elektronika mialoha ny fahatongavan'ny fiaramanidina noho ny antony mikasika ny varotra iraisam-pirenena ary tsy maintsy harenina araka ny fepetra voalaza etsy ambony amin'izao andininy izao."

-----Ny sisa tsy misy fiovana-----

**Andininy -66 bis.** (vaovao) - Amin'ny fampidirana entana avy any ivelany, ny fametrahana ho amin'ny fanjifàna no sata amin'ny fadintseranana mamatotra ny fampidirana entana rehetra, afa-tsy ny raharaha manan-tombon-jo manokana voalaza ao anatin'ity Fehezan-dalàna ity, ary mametra ny fandoavana ny haba sy hetra alohan'ny ahafahana mampiasa malalaka ny entana eo amin'ny fari-piadian'ny fadintseranana.

Amin'ny fanondranana entana, ny fanondranana raikitra dia ny fanondranana tsy miverina intsony entana nalaina teto amin'ny tsena anatin'ny.

### **Andininy 67.**

Tsy hoe :

"**And. 67.** 1° ny fanambaràna amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana nosokafana mikasika ny raharaha momba ny fadintseranana noeritreretina ;

2° amin'ny fampidirana entana dia tsy azo atao alohan'ny fahatongavan'ny entana ao amin'ny birao na alohan'ny fametrahana filazalazana mazava momba ny fidiran'ny sambo na ny fiaramanidina mitondra azy izany ; tsy maintsy apetraka ao anatin'ny fe-potoana dimy amin'ny folo andro katroka raha be indrindra aorian'ny ahatongavan'ny entana ao amin'ny birao izany (tsy tafiditra ao anatin'izany ny alahady sy ny andro tsy iasana) ary mandritra ny ora fisokafan'ny birao ;

3° amin'ny fanondranana entana dia tsy maintsy apetraka izany raha vantany vao tonga ao amin'ny birao ny entana na, raha toa ka tonga alohan'ny ora fisokafan'ny birao ny entana, raha vantany vao misokatra io birao io."

Fa vakio hoe :

"**And. 67.1°** ny fanambaràna amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana nosokafana mikasika ny raharaha momba ny fadintseranana noeritreretina ;

2° amin'ny fampidirana entana dia azo atao alohan'ny fahatongavan'ny entana ao amin'ny birao raha toa ka efa voapetraka ao ny filazalazana mazava momba ny fidiran'ny sambo na ny fiaramanidina mitondra azy izay nalefa; tsy maintsy apetraka ao anatin'ny fe-potoana dimy amin'ny folo andro katroka raha be indrindra aorian'ny ahatongavan'ny entana ao amin'ny birao izany (tsy tafiditra ao anatin'izany ny alahady sy ny andro tsy iasana) ary mandritra ny ora fisokafan'ny birao ; afatsy raha misy fanomezan-dalana avy amin'ny Mpandray volan'ny fadintseranana ;

Raha toa ka misy ny fiovan'ny tahan'ny fadintseranana taorian'izany fametrahana izany sy taorian'ny fahatongavan'ny sambo, ny fandraisana aty aoriana ny haba sy hetra vaovao dia ampiharina tsy misy fepetra ;

3° amin'ny fanondranana entana dia tsy maintsy apetraka izany raha vantany vao tonga ao amin'ny birao ny entana na, raha toa ka tonga alohan'ny ora fisokafan'ny birao ny entana, raha vantany vao misokatra izany.io birao io".

### **Andininy 89 :**

Tsy hoe :

"**And. 89.1°** Ny haba, hetra ary ny fepetra hafa momba ny fadintseranana dia ampiharina aorian'ny vokatry ny fanamarinana ary, raha misy araka ny fanapahana nataon'ny komitin'ny fampihavanana sy ny fampakaran-draharaha mikasika ny fadintseranana."

Fa vakio hoe :

"**And. 89.1°** Ny haba, hetra ary ny fepetra hafa momba ny fadintseranana dia ampiharina aorian'ny vokatry ny fanamarinana ary, raha misy araka ny fanapahana nataon'ny komitin'ny fampihavanana sy ny fampakaran-draharaha mikasika ny fadintseranana" na dia eo aza ny fampakaran-draharaha amin'ny tribonaly mahefa izay hanapaka farany."

-----Ny sisa tsy misy fiovàna -----

### **Andininy 91**

Tsy hoe :

« **And. 91.** Ny haba sy hetra takiana ho an'ny entana tsirairay avy ao anatin'ny fanambarana iray ihany dia boriboriana ho Iraimbilanja ka ampandinina »

fa vakio hoe :

« **And. 91.** Ny haba sy hetra takiana ho an'ny entana tsirairay avy ao anatin'ny fanambarana dia boriboriana ho ariary, ka ampandinina »

### **Andininy 94.** - Foanana

### **Andininy 146**

Tsy hoe :

"**And. 146.** - 1° Azo omena araka ny fepetra voalazan'ity toko ity amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fadintseranana araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Ministry ny Indostria na miaraka amin'ny fanekeny, ny fanekena fampidirana miserana hampiato tanteraka na amin'ny ampahany ihany ny haba sy ny hetra, toy ireo fepetra fandràna tsy hampiditra entam-barotra ihany koa ary haondrana indray ka voatokana:

- a) Handray fanovàna, fanamboarana na fanampin'asa ao amin'ny fari-piadian'ny fadintseranana,
- b) Na hampiasaina amin'ny toetra nidirany ihany.

